

MIHAZONA NY TENINY

ANDRIAMANITRA

 ...ireo andro lasa. Ary mankasitraka an'ilay anankiray izay manao an'ity ezaka ity hihira an'izany ho ahy aho rehefa tonga aho, Ranabavy Angie sy Ranabavy Gertie. Ny Tompo hitahy azy ireo. Rehefa mandre an'izany aho, dia mamerina an'ireo fahatsiarovana fahiny efa ela be izany. Talohan'ny nandaozana ny tabernakla mihitsy, dia nanana fifohazana lehibe iray isika, nandritry ny ririnina iray manontolo, ny amin'ny fitoriana teo amin'ny Bokin'ny Fanambaran'ny Tompo Jesosy. Ary izaho...Saiky isaky ny Alahady hariva izy ireo dia nihira an'ilay hira hoe, *Manohiza Mihazona*. Misaotra anao, Ranabavy Gertie. Ary faly tokoa aho fa nihira an'izany ho antsika indray izy ireo izao hariva izao.

² Nilaza i Ranabavy Angie fa farim-peo kely fotsiny izy. Eny, aza mahatsapa ho irery ianao. Izaho dia farim-peo, ihany koa. Fa, aninkeo maraina, rehefa avy nanao ny olona hiaritra toriteny teo amin'ny adiny roa sy sasany teo...Izany no iray tamin'ireo karazany fohy keliko. Noho izany, nivoaka tany ivelany aho, rehefa mando kely ilay izy teo amin'ny tany, ary, mazava ho azy, tahaka an'izany no mahazo ahy.

³ Fa, tiako fotsiny ny Teny, ary indrindra ny fitahian'ny Fanahy Masina miaraka amin'ny Teny. Ary rehefa mitahy sy manampy Izy, dia tsy afaka mahita toerana iray hijanonana fotsiny aho, noho izany dia fantatrareo hoe ahoana ilay izy. Ankehitriny, angamba tsy dia ela loatra izao hariva izao, no iriako hiresahana, satria farim-peo kely aho, fa miankina amin'Andriamanitra ny amin'ireo fitahiantsika sy ny Fanampiany ara-panahy izay ilaintsika fatratra eo amin'ny fiainantsika.

⁴ Ary ankehitriny, araka ny nolazain-dRahalahy Neville, miaraka amin'ny fandaharany, eo amin'ny fandaharany, raha ny marina. Ary maniry aho mba hihainoan'ny mpihaino rehetra an'izany fandaharana izany. Ankehitriny, tsy miteny amiko mba hilaza an'izany izy. Fa tsy mbola tena voatahy mihitsy aho tamin'ny fihainoana fandaharana iray, tahaka ahy tamin'io Sabotsy lasa io. Firy no efa nandre an'io hafatra io? Sangan'asa iray izany. WLRP, amin'ny sivy ora ka hatramin'ny sivy sy sasany, isaky ny Sabotsy maraina, ilay Neville feo telo.

⁵ Ary niresaka tamin'ilay rahalahy izay manao ny fandraisam-peo aho, Rahalahy Leo, izay ato amin'ny efitra. Ary tena nentina lavitra niaraka tamin'izany izy, ka izy tsy...Hoy izy hoe, "Hono ho'aho, iza izany mpitory teny izany?" Nandefa

radio izy. Ary Rahalahy Gene, na ny sasany tamin'izy ireo, dia nanao hoe, "Rahalahy Neville izany. Izao no fotoany." Ary tena nahafinaritra tokoa ilay izy. Tsy izany ihany, fa ny tsirairay avy.

⁶ Teneniko aminareo ny antony itiavako mihaino andRahalahy Neville miresaka. Tsy tena hoe satria mpitory teny tsara iray izy, fa satria fantatro fa miaina an'izay toriany izy. Ary aleoko ianareo miaina toriteny iray amiko toy izay mitory anankiray amiko. Hisy fiantraikany kokoa izany.

⁷ Ary efa nolazaiko ankehitriny, efa nolazaiko ilay izy, fa hiresaka aho, izao hariva izao, mandritry ny fotoana fohy: *Mihazona Ny Teniny Andriamanitra.*

⁸ Ary aninkeo maraina, dia niresaka aho teo amin'ny: *Ny Fakan-tahaka Ny Kristianisma.*

⁹ Ary, ankehitriny, ny Tompo anie hanampy ny Fitahiany ankehitriny raha mamaky Ny Teniny isika. Ary tiako ny hamaky avy amin'ny toerana maro ao amin'ny Soratra, farafahakeliny telo, na angamba hanonona vitsivitsy amboniny. Satria, ny Teny no resahantsika. Ao amin'ny Boky faran'ny Baiboly, ny Bokin'ny Apokalypsy, rehefa ny Baiboly manontolo no...vita tanteraka, dia ity ny—ny hafatra ho an'ilay Fiangonana. Ao amin'ny toko faha-22-n'ny Apokalypsy, ary manomboka amin'ny andininy faha-17.

Ary ny Fanahy sy ny ampakarina manao hoe, Avia. Ary aoka izay mangetaheta hanao hoe, Avia!...aoka izay mandre hanao hoe, Avia. Ary aoka izay mangetaheta ho avy. Ary na iza na iza maniry, aoka izy haka avy ao amin'ny ranon'aina maimaim-poana.

Fa izaho dia manambara amin'ny olona rehetra izay mandre ny tenin'ny faminiana an'ity boky ity hoe, Raha misy olona hanampy amin'ireo zavatra ireo, dia Andriamanitra no hanampy ireo loza izay voasoratra ato anatin'ity boky ity ho azy:

Ary raha misy olona hanaisotra avy amin'ny teny an'ity bokin'ny faminiana ity, dia hesorin'Andriamanitra ny anjarany ao amin'ny bokin'ny fiainana, sy amin'ny tanàna masina, ary avy amin'ireo zavatra izay voasoratra ao anatin'ny boky.

Izy izay manambara an'ireo zavatra ireo dia manao hoe, Azo antoka fa avy faingana aho. Amena. Eny tokoa, avia, Tompo Jesosy.

Ho aminareo rehetra anie ny fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompontsika. Amena.

¹⁰ Ary avy eo ao amin'ny Masindahy Jaona, ny toko faha-12-n'ny Masindahy Jaona, ary manomboka amin'ny andininy faha-39.

Noho izany dia tsy nety nino izy ireo, satria . . . Nilaza indray i Isaia hoe,

Efa nanajamba ny mason'izy ireo izy, ary nanamafy ny fon'izy ireo; mba tsy hahitan'izy ireo amin'ny masony, na hahazoany amin'ny fony, ary hiova fo, ka hanasitrana azy ireo aho.

¹¹ Ary avy eo ao amin'ny Masindahy Matio, ny toko faha-24, ary ao amin'ny andininy faha-35, Jesosy no miteny.

Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa ny teniko tsy ho levona mihitsy.

¹² Ary ao amin'ny Galatiana 1:8.

. . . na izahay aza, na anjely iray avy any an-danitra, no mitory filazantsara hafa aminareo noho izay efa noraisinareo, dia aoka izy ho voaozona aminareo.

¹³ Ankehitriny dia ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety fotsiny, ho an'ny tonom-bavaka iray.

¹⁴ Ry Andriamanitray, manatona Anao amin'ny Anaran'Ny Zanakao malalanao izahay, Izay nanasa anay ho tonga, nanao hoe, “Angataho amin'ny Ray amin'Ny Anarako ny zavatra rehetra, Hataoko izany.” Noho izany dia tonga izahay, amin'ny Anaran'i Jesosy, mba hibe-baka aloha ny amin'ny fahotanay manokana sy ny tsirambinay; ka mangataka Aminao mba hanadio anay amin'ny helokay rehetra, sy hanadio ny fisainanay, mba hiheveranay an'ireo zavatra izay marina, ary mikasika ny Fanjakan'Andriamanitra. Ary enga anie ny fisainanay, izao hariva izao, ho eo amin'ny zavatra iray izay hanatsara kokoa ny Fanjakan'Andriamanitra, sy hanatsara kokoa ny olona izay ao amin'ny Fanjakana. Ary enga anie ny fonay ho vadio amin'ny zavatra ratsy rehetra. Maniry ny handeha mahitsy eo Anatrehanao izahay, miaraka amin'ny tãnana madio sy fo iray madio. Ary, oh, Andriamanitra irery ihany no afaka manao an'izany.

¹⁵ Ary mivavaka izahay, Ray, mba hanadio ny tãnanay sy hanadio ny fonay. Sasao ao amin'ireo ranon'ny fampisarahana izahay, hiala amin'ireo zavatr'izao tontolo izao, amin'ny alàlan'ny Teny. Ary enga anie, amin'ny alàlan'ny Teny, Ianao no nilaza hoe, “Madio ianareo, amin'ny alàlan'ny Teny.” Ary mivavaka izahay mba hizahan'ny Teny lalina ao amin'ny fonay rehetra izao hariva izao. Ary hanadio anay amin'ny tsi-finoana rehetra, mba hanavao ny fonay amin'ny Fanahy Masina. Ary enga anie Izy hitondra ho anay, izao hariva izao, an'ireo zavatra izay ho tombony ho an'ny Fanjakan'Andriamanitra. Ampio ireo, Tompo, izay—izay malemy eo amin'ny lãlana, manana, mahita fahasarotana amin'ny finoana ny Teny.

¹⁶ Ary, O Andriamanitra, ao amin'ity ora maizina sy mamitaka izay iainanay ity, ary raha mandinika an'ireo krizy maneran-

tany eo aloha izahay, dia aizina fotsiny ihany no hitanay eo aloha. Ary Ianao no nilaza hoe, “Miandrandrà, rehefa manomboka mitranga ireo zavatra ireo, fa akaiky ny fanavotana anay.” Ary engà anie izahay ho hampaherezina izao hariva izao, ary amin’ny alàlan’ny Fanahy Masina, mba hitondra an’izany ao am-po, mba hijery manatrika an’ily Andriamanitry ny Lanitra, Izay nampanantena ny fanavotana anay amin’izany fotoana izany. Ary tahaka an’i Jaona, teo amin’ily nosy, nivavaka hoe, “Eny tokoa, avia, Tompo Jesosy.”

¹⁷ Ary mivavaka izahay mba Hanekenao an’ireo zavatra ireo ho anay, izao hariva izao. Ary sitrano ny rehetra izay marary sy ory. Ary ampionony ireo olo-masina. Antsoy ho amin’ny fibebahana ireo mpanota. Ary avaozy izahay rehetra, mba handehananay avy eto, hanery an’ily fiadian’Andriamanitra feno, mba handroso amin’ny maha-miaramila voaomana ho amin’ily ady izay mipetraka eo aloha.

¹⁸ Ankehitriny, raha miangona izahay izao hariva izao, ny tsirairay avy ao amin’ny vavaka, ary ny faneva eo amboninay, ilay Kintan’ny Maraina no mitarika ny lalana! Ary ny tafiky ny fahavalo dia mitoby ihany koa, ary mivoaka ilay mpihaika lehibe sy manao ny fireharehany, milaza fa, “Efa lasa ireo andron’ny fahagagana.” Fa, O Andriamanitra, manangàna Davida iray ho anay, mpiady iray, mpihaika iray. Ary engà anie io Fanahy io hitoetra ao amin’ny fo tsirairay, betsaka. Fa mangataka an’izany amin’ny Anaran’i Kristy izahay. Amena.

¹⁹ Amin’ny fanatonana an’ity lohahevitra iankinan’ny aina indrindra ity, ary tsy natao hikendry finoan’olona iray mihitsy izany, na hanakorontana, na hanelingelina, na hanaovana fahavalo. Natao ho an’ny fanangonana sy ny fampiraisana ny olon’Andriamanitra miaraka fotsiny izany. Ary ny antony izay nisafidianako hiresaka an’izao amin’ny tabernakla izao hariva izao, dia nohon’ny toetry ny fotoana izay iainantsika. Izaho—mino aho fa isika dia ao amin’ny—ny fiandohan’ny zavatra iray izay fantatr’izao tontolo rehetra izao tsara fa vonona ny hitranga. Toa tsy misy olona afaka mametraka ny rantsantànany eo amin’izany fotsiny, kanefa dia fantatsika fa misy zavatra vonona hiseho. Tsy eto ihany izany. Hatraiza hatraiza izany.

²⁰ Ary heveriko fa ho mety tsara indrindra izany, izao hariva izao, raha haka an’ity fotoana ity isika, raha mbola miangona miaraka ny olona, ny hiteny zavatra izay ho zava-dehibe iankinan’ny aina, mba hanatsara, mba hanao antsika hahazo, sy hampitao antsika amin’ny—ny fahazoana tsaratsara kokoa an’i Kristy sy ny Filazantsara, ary ny fotoana izay iainantsika.

²¹ Ankehitriny, eo am-panombohana, dia maniry aho ny hilaza an’ity, hoe, vao tsy ela akory izay dia tao amin’ny seminera Loterana iray aho. Ary nilaza tamiko ireo rahalahy Loterana,

rehefa avy nanoratra taratasy iray ho ahy izy ireo, tena mpitsikera henjana iray mihitsy, ilay zokiolona. Ary niresaka sy niteny zavatra tamiko, hoe—hoe izaho dia “mpisikidy,” ary zavatra ratsy maro izay, marina tokoa, tsy azon’izy ireo noporofoina. Satria, hoy aho hoe, “Tsy afaka nanasitrana ny devoly.”

²² Ankehitriny, raha afaka manasitrana ny devoly, dia mpamorona iray izy. Ary, ny Mpamorona iray, Anankiray ihany no misy, ary Andriamanitra izany. Tsy afaka mamorona ny devoly.

²³ Tsy manerana akory aza ny devoly. Afaka ho eo amin’ny toerana anankiray fotsiny ihany izy amin’ny fotoana iray; ireo demoniny no manatrika, hatraiza hatraiza. Fa, Andriamanitra dia manerana. Ny devoly dia afaka manatrika eo amin’ny toerana anankiray fotsiny ihany.

²⁴ Andriamanitra dia faratampon’ny hery. Ny devoly dia manana hery iray voafetra, izany hoe, raha mbola afaka manipy ny fihamboany foana izy. Ary ny zavatra tokana ara-dalàna izay ananany, dia ny mamerina anareo mankany amin’ny vovoky ny tany. Izany no zavatra tokana izay ananany. Ary, izany, dia mbola, miaraka amin’ny fitahian’Andriamanitra foana, ny teny fikasan’Andriamanitra, ho an’ny fitsanganana.

²⁵ Noho izany, Andriamanitra no Mpamorona tokana, ary Andriamanitra irery ihany no Anankiray Izay afaka manorina sela. Ary ny sela dia famoronana, ary ny famoronana dia avy amin’Andriamanitra irery ihany. Noho izany, Andriamanitra irery ihany no Mpanasitrana, ary tsy misy fanasitranana hafa afa-tsy ny fanasitranana avy amin’Andriamanitra.

²⁶ Manana an’ireo dokotera malaza isika izay afaka mametraka taolana iray; fa Andriamanitra no manasitrana. Manana an’ireo dokotera izay afaka mandidy kambon-tsinay isika, na manala fivontosana iray, izay ilay zavatra tsara hatao fotsiny ihany. Fa Iza no manao ny fanasitranana? Andriamanitra no manao ny fanasitranana, satria Izy no Mpamorona tokana.

²⁷ Ankehitriny, dia hoy izy hoe, “Ahoana ny aminay, Loterana? Mihevitra ve ianao fa mandray anay ho Kristiana ianao?”

²⁸ Hoy aho hoe, “Tena izany tokoa.” Hoy aho hoe, “Ny Fanjakan’Andriamanitra dia tahaka ny lehilahy iray izay namboly ny katsany tao amin’ny saha iray. Ary indray maraina, dia nivoaka izy ka nijery, ary nisy ravim-bero kely anankiroa izay nipoitra, tamin’ny fiandohan’ny lohataona. Dia hoy ilay tantsaha hoe, ‘Jereo ny sahan-katsako!’ Ankehitriny, nanana katsaka ve izy? Amin’ny ampahany, dia nanana izy, fa tsy tao amin’ilay felana.”

²⁹ Ankehitriny, toy ny hoe raha nanome anareo fotsiny aho ny... Nangataka hazo ôka iray tamiko ianareo, ka nomeko voan’ôka iray. Amin’ny ampahany, dia manana an’ilay hazo

ôka ianareo, satria ilay hazo ôka dia ao anatin'ilay voan'ôka. Ary, arak'izany, ao anatin'ilay voan-katsaka, dia manana an'ilay katsaka ianareo, kanefa mbola amin'ny ampahany fotsiny izany. Manana an'ilay voa ianareo. Ankehitriny, hoy ilay tantsaha hoe, "Jereo ny tanin-katsako. Tsy tsara tarehy ve izy? Ny katsako!" Nantsoiny hoe katsaka ilay izy, kanefa, vao mitsiry ilay izy.

³⁰ Afaka kelikely, dia nitombo io tahon-katsaka io ka lasa salohy iray izy. Ny salohy no ahatongavan'ilay vovom-boninkazo, na ilay vovom-boninkazo dia milatsaka avy ao amin'ny salohy, izay mahatonga ny fampiterahana an'ilay katsaka, ny firaisana ara-nofo eo amin'ny lahy sy ny vavy. Ankehitriny, ahoana moa raha hijery any aoriana ilay salohy ka hilaza amin'ny—ny ravina hoe, "Ankehitriny, tsy misy idirako aminao. Tsy ao anatin'ilay sary akory aza ianao. Zavatra hafa iray aho. Izaho no salohy. Izaho no anankiray izay ekena. Tsy misy idiranao amin'izany?" Fa, kanefa, raha tsy misy ny ravina, dia tsy afaka hamoaka vovom-boninkazo ilay katsaka, satria milatsaka ao anatin'ny ravina ilay salohy, ary avy ao no ipoiran'ny felana. Ary ilay aina iray ihany izay ao amin'ny—ny ravina no ao amin'ny salohy ihany koa.

³¹ Afaka kelikely, dia tonga ny felana iray. Ary tonga ny felana, ilay voa. Ary, avy eo, ilay voa dia milaza amin'ilay salohy hoe, "Tsy misy idirako aminao. Tsy ao anatin'ilay sary akory aza ianao." Fa raha tsy ho an'ilay salohy izany, dia tsy ho nisy voa.

³² Noho izany ilay zavatra dia, dia, ilay taho kely dia ny fifohazana Loterana; ary ny salohy dia fifohazana Metodista; ary ny felana dia ity fifohazana ity. Fa, ny rehetra miaraka, ilay Fanahy iray ihany, ilay Aina iray ihany izay tao amin'ilay tahon-katsaka kely, eo am-panombohana, no ilay Aina iray ihany izay tao anatin'ilay voa.

³³ Ankehitriny, ny zavatra tokana izay ireo pentekotista... Ny tiako lazaina dia ilay tena pentekotista, fa tsy ilay mody antsoina. Fa, ilay tena Hafatra pentekotista dia tsy inona fa famerenana iray an'ilay Zavatra iray ihany izay nandeha tao anatin'ny tany, izay nentina nanerana ny Loterana, Metodista, Batista, Presbyterana. Hitanareo? Ankehitriny dia tonga eo amin'ny felana fotsiny izany. Ary ankehitriny aho...

³⁴ Na dia halako mafy aza ny manao an'ity fanambarana ity, dia efa nisy holatra vitsivitsy naniry teo ambonin'izany. Ary ianareo tantsaha dia mahafantatra hoe inona izany. Izany dia zavatra iray izay maka tahaka an'ilay felana. Ankehitriny, izany no tiantika hotapahana, izao hariva izao. Satria, raha tsy esorinareo hiala amin'ny katsakareo izany, dia hahatonga an'ilay saha manontolo ho simba izany.

³⁵ Noho izany, izany no zavatra anankiray izay iriako hatao mazava, hoe, ny olon'ireo fiangonana ara-anaram-piangonana rehetra, rehefa avy nitety an'ireo fotoana lehibe

izy ireo, dia izany no fahamasahana. Ary ankehitriny dia ao anatin'ilay voa ny fiangonana, ary tsy maintsy mamokatra an'ilay zavatra iray ihany izay nandeha tao anatin'ny tany izy. Noho izany, ao amin'ny Fiangonana iray masaka tanteraka fotsiny no iainantsika. Ary ny ampahany iray tsy afaka milaza an'izao amin'ilay ampahany hafa, satria niaina tsara izy ireo tamin'ny androny. Ary izy ireo no tanin-katsaka eo imason'Andriamanitra, noho izany dia tsy maniry hanambany na iza na iza isika.

³⁶ Fa nisy fampianarana sasantsasany amin'izao andro izao, indrindra eo amin'ireo fampielezam-peo malaza manerana an'izao tontolo izao, izay efa nanambany ny Tenin'Andriamanitra, ka nilaza, hoe, "Andriamanitra dia mitoetra ao amin'ny fiangonana iray, fa tsy ao amin'ny Teny."

³⁷ Nandre anankiray tamin'ireo mpampianatra malaza aho, hariva vitsy lasa izay, nanao hoe, "Taiza no nahazoanareo ny Baibolinareo? Ataoko fa Andriamanitra no nanana hevitra iray hanoratra Baiboly iray ho anareo tany An-danitra, ary nanome an'izany ho an'ireo Anjely kely sasany, ary nidina nanerana an'ireo lalantsaran'ny Lanitra izy ireo ka nanolotra an'izany ho anareo olona." Ary nilaza, fa, "Tsy misy olona afaka miaina ny fampianaran'ny Baiboly. Ary tsy tena marina tanteraka Izany." Nefa izy ireo dia mihambo ho ilay fiandohana voalohan'ny Fiangonana.

³⁸ Ankehitriny, ireo olona ireo, ankehitriny, izay mandeha any amin'io fiangonana io, dia lehilahy sy vehivavy tahaka antsika, ary tia izy ireo, sy mihinana, sy misotro. Ary misy fomba hanakanana an'izany ve? Tsia satria ny Baiboly dia milaza fa ho toy izany ilay izy; ary marina ny Azy.

³⁹ Fa, mba hampaherezana anareo, dia tiako ny hanao ny tenako hazava sy mazava, hoe izaho dia mino fa *Ity* no Tenin'Andriamanitra feno, tsy mety diso, tsy mifangaro, ka tsy misy na inona na inona azo anampiana na anesorana avy Aminy. Izy no fandaharan'Andriamanitra feno an'Ny Fiangonany. "Tsy misy fanorenana hafa azon'ny olona iray haorina, afa-tsy izay efa napetraka." Hitanareo ve ilay izy? Izany no antony inoako ny tsy maha-mety diso ny Tenin'Andriamanitra. Nilaza aho, tamin'ny iray tamin'ireo olona ireo hoe, "Taiza no nilazanao fa nisy an'ity Baiboly ity, ny fiangonanao? Ny fiangonanao ve no nanoratra an'ity Baiboly ity?"

"Eny, ireo olo-masinay no nanoratra ny Baiboly."

⁴⁰ Hoy aho hoe, "Noho izany dia nahoana Izy no nentina tahaka an'izany, ka tena samihafa amin'ity Baiboly ity ianareo amin'izao andro izao?"

⁴¹ "Eny," hoy izy, "hitanao, ireo lehilahy ireo dia niaina tao amin'ny taona anankiray, isika miaina ao amin'ny taona iray hafa."

42 “Fa,” hoy aho, “Andriamanitra dia niaina tao amin’ny taona rehetra. Ary ny Baiboly, raha voatsindrimandry Izy, dia Izy no Andriamanitra tsy mety diso Izay nanoratra ny Baiboly. Ary Izy no nilaza, ao amin’Ny Teniny, hoe, ‘Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa Ny Teniny tsy ho levona mihitsy.’”

43 Ankehitriny, manaitra indrindra izany ho an’ny olona izay tsy nieritreritra mihitsy ny hahita an’ireo zavatra ireo manatona. Fa, raha nahafantatra fotsiny ianareo, dia fahatanterahan’ny Soratra fotsiny izany. Ary na dia halako mafy aza ny milaza an’izao eto Amerika, sy ireo foromporonintsika sy ny sisa izay ananantsika ao amin’ireo mody antsoina hoe hetsika arapivavahana amin’izao andro izao, tsy manambany azy ireo, mitoetra ao anatin’izy ireo ny vahoakan’Andriamanitra, fa maniry aho ny hilaza an’izao: Fa, tonga teto Amerika izany, izay nanaisotra sy nanalavitra, ny Katolika sy ny Protestanta, niala tamin’ny fampianaran’ny Teny, ka nanangana rafitra iray izy ireo. Ary io rafitra io dia rafitra ara-tsaina iray izay mampiseho famirapiratana iray raha tokony ho ny Teny. Ary lavo amin’ny famirapiratana ny vahoaka Amerikana. Ny vahoaka Amerikana dia lasa toerana iray ho an’ny fanompoana andriamanibavy iray.

44 Manana ny fanajana lalina indrindra sy ambony indrindra ho an’ny vehivavy aho. Ny reniko no anankiray, ary ny vadiko, ary manana zanakavavy tanora aho. Ary ny vehivavy iray izay mihazona ny toerany, ary ramatoa iray, dia tsy misy na inona na inona sarobidy indrindra ankoatry ny famonjena, ho an’ny firenentsika, noho ny tena vehivavy iray.

45 Fa, rehefa tonga eo amin’ny toerana iray izany, mba hanompo vehivavy, amin’izay fotoana izay dia any ivelan’ny drafitry ny Baiboly ianareo. Tsy misy drafitra ao amin’ny Baiboly hanompoantsika vehivavy iray, Maria iray, na Masimbavy Cecilia iray. Tsy misy pentin-tSoratra iray ho an’izany. Ary, mifanohitra, manohitra an’izany Izy. Noho izany dia nahoana no nisy izany, raha ity no fiandohana, ireo izay nandeha niaraka tamin’i Kristy, ka nanoratra tamin’ny alàlan’ny tsindrimandry... Mihevitra ve ianareo fa handray ny tenin’olon-kafa ho an’izany aho? Tsia, tompoko. *Ity* no Tenin’Andriamanitra Mandrakizay.

46 Ankehitriny, ilay mpitoriteny, na ilay pretra izay niresaka tamiko, hoy izy hoe, “Andriamanitra dia ao amin’ny Fiangonany.”

47 Hoy aho hoe, “Andriamanitra dia ao amin’Ny Teniny.” Andriamanitra dia ao amin’Ny Teniny. Hoy ny Baiboly hoe, “Tamin’ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin’Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. Ary ny Teny dia tonga nofo ka nonina teo anivontsika.” Andriamanitra dia ao amin’Ny Teniny.

48 Mariho ankehitriny, ao amin'ny Testamenta Taloha, dia nanana fomba roa izy ireo hahazoana hafatra iray ho marina. Fa rehefa naminany ny mpaminany iray, na nanonofy nofy iray ny mpanonofy, dia notenenin'izy ireo teo anoloan'ny—ny aron-tratran'i Arona izany. Ilay saron-tratran'i Arona dia nanana vatom-pahaterahan'ireo patriarka roa ambin'ny folo tao anatin'io aron-tratra io. Nentiny teo an-tratran'ny izany mba hanehoana fa izy no mpisoronabe an'ireo foko roa ambin'ny folon'ny Isiraely. Ary rehefa niteny an'io fahitana io izy ireo, na niteny an'io nofy io; ary raha Andriamanitra no nanamarina an'izany, dia nisy Hazavana ivelan'ny voajanahary iray tonga teo amin'io Orima sy Tomima io, ka nanamarina fa marina io hafatra io. Tsy mampaninona na toa tena misy toy ny ahoana aza ilay izy, tsy mampaninona na toa mety tsara toy ny ahoana aza ilay izy niaraka tamin'ilay fotoana; raha tsy nanjelatra ilay Hazavana ivelan'ny voajanahary teo amin'ilay Orima sy Tomima, dia nolavina izany, satria tsy tao anatin'izany Andriamanitra.

49 Ary milaza aho androany, oh, tiako ianareo hihaino: Ny hafatra rehetra, tsy mampaninona na avy amin'ny pretra izany, avy amin'ny mpitory teny, avy amin'ny mpaminany, avy amin'ny zavatra hafa rehetra, ny olona rehetra; tsy mampaninona na arapanahy toy ny ahoana, inona ny asany, inona no nataony, raha nanangana ny maty izy, raha nanasitrana ny marary izy; raha izy no arsevekan'i Canterbury, raha izy no papan'i Roma, raha izy no lohan'ny anaram-piangonana lehibe rehetra; tsy mampaninona na ara-panahy toy ny ahoana aza, na dia niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra aza izy, na dia nandihy tao amin'ny Fanahy aza izy, na dia nitory ny Filazantsara aza izy; tsy mampaninona izay nataony, raha tsy avy ao amin'ny Baiboly ny hafany, dia diso izany. *Ity* no Orima sy Tomiman'Andriamanitra.

50 Rehefa vita ny Baiboly, dia nidina ilay anjely, niresaka tamin'i Jaona. Avy eo dia tonga Jesosy, Izy tenany, nanao hoe, “Izaho, Jesosy, no naniraka ny Anjeliko hanambara an'ireo zavatra ireo. Ary ankehitriny dia akatòny ity Boky ity, fa aza asiana tombokase Izy. Fa na iza na iza hanaisotra zavatra iray amin'Izany, na hanampy zavatra iray amin'Izany. . .” Izany no Tenin'Andriamanitra.

51 Paoly, tamin'ny fiaraha-miasa tamin'ny Fanahy, dia nanao hoe, “Raha Anjely iray avy any An-danitra,” tsy arseveka iray, tsy papa iray, tsy kardinaly iray, “fa raha Anjely iray avy any An-danitra, no nitondra hafatra hafa iray noho ity eto ity, dia aoka izy ho voaozona aminareo.”

52 Fa ankehitriny isika dia miomana. . .Tahaka ny taona maro lasa izay, tamin'ny alàlan'ny Fanahy Masina, efa niteny taminareo foana aho, tany aloha. Rehefa nitsangana i Hitler sy Mussolini, dia hoy aho hoe, “Hiangona izy rehetra. Ny Kominisma no haka an'ilay zavatra manontolo, ary hidina avy any avaratra.”

⁵³ Ankehitriny hazòny eo ambonin'ity ny masonareo, ry fiangonana. Ny devoly no manao an'io propagandy io, ary izany dia tsy—tsy araka ny Soratra izany. Izany dia mba hampifanjevo ny sain'ilay tsy nianatra, ireo olona tsy ara-panahy. Ary miaina ao amin'ny andro be voninahitra indrindra izay hany niainan'ny olona isika; kanefa tao amin'ilay andro maizina indrindra, ho an'ireo tsi-mpino, izay izy ireo...sy ilay fotoana mampifanjevo indrindra, ho azy ireo, ireo izay tsy mahafantatra. Miavaka izany, tahaka ny andro izay iainantsika. Ary fifaliana iray toy ny inona ny mahafantatra fa mihazona ny vatofantsikareo, ankehitriny, androany, raha manatona an'izany isika ao amin'ity fotoana maizina, ratsy ity.

⁵⁴ Ankehitriny, tsy tiako ny miantso olona, ireo anarana, fa tsy maintsy hiantso ny anaran'olona iray aho ankehitriny. Fa, mivavaka ho an'ilay lehilahy tanora aho. Ary mivavaka aho, isan'andro, ho azy. Fa, izy dia fitaovana iray eo an-tànan'ny devoly, ary izany dia ity lehilahy ity, Elvis Presley. Lasa boogie-woogie ireo olona, na adalan'ny rock-and-roll. Lasa ireo vahoaka Amerikana. Ary miezaka izy ireo, amin'ny alàlan'io fanahy iray io ihany, ny hampiditra an'ilay zavatra ao anatin'ny fiangonana. Tiako ny mozika-piangonana tendrena tahaka ny mozika-piangonana, fa tsy rock-and-roll ao anatin'ny fiangonana. Fa rehefa manana an'ireo fanahy ireo izy ireo, dia misy zavatra ao ambadik'izany, ary ny devoly no mametraka ny tenany ho mpihaika iray.

⁵⁵ Ary sendra nilaza ity zazalahy mahantra, niverin-dàlana, Pentekotista ity, ny fomba nianarany an'ireo fihetsiky ny fihozongozonany sy fangovitany hoe, izy “dia nahazo an'izany ary nianatra an'izany tao amin'ny fiangonana.” Mambra iray an'ny First Assemblies of God izy, an'i Memphis, Tennessee. Sakaizako ny pasiterany.

⁵⁶ Ary izy no fitaovan'ny devoly, an'ny famitahana sy fandotoana ny sain'ireo adolantsento ireo, amin'ny fitondrana azy ireo eo amin'ny toerana iray hany ka...Vao avy nandao toerana iray fotsiny izy ireo tany Canada, izay heveriko fa nandefasan'izy ireo olona tanora efatra ambin'ny folo ho any amin'ny toeram-pitsaboana ny marary saina, andro vitsy taorian'ny naha-tany azy. Ary nanerana ny firenena rehetra, saingy lasa adala ny olona, am-pahataitairana.

⁵⁷ Ny antony anaovan'izy ireo an'izany dia satria tsy mahafantatra na inona na inona tsaratsara kokoa izy ireo. Oh, toy ny ahoana no aniriako mba hahafantaran'izy ireo ny Tompo Jesosy; tsaratsara kokoa toy ny ahoana! Tsy manameloka aho; malahelo an'ilay mety maty aho. Ary ankehitriny dia tsy hety ve, amin'ny andro izay iainantsika, hoe rehefa mandeha tahaka ny andehanany ireo zavatra...

⁵⁸ Ary ny sampin'i Amerika dia ny zanakavavin'ny

fampirapiratan'i Hollywood. Nefa, izy no mametraka ny gadon'i Amerika rehetra. Nefa, mamela azy hivoaka manao an'ireo akanjony tsy mendrika, ary saiky ny vehivavy rehetra eto Amerika no hanahaka azy.

⁵⁹ Izany dia a—aretim-po iray ho ahy, vao tsy ela akory izay, nitsangana tany Roma, rehefa nanome lohateny iray ny amin'io vehivavy izay nataon'izy ireo teo amin'ny gazety io ireo gazety indray andro, hoe hahazo zazakely iray ao Hollywood, Romana iray. Ary nilaza izy ireo, tao amin'ilay gazety, ireo gazety...Fa, ny sakaizako, Baron von Blomberg, dia afaka niteny fiteny fito samihafa ary namaky an'ilay gazety mazava. Hoy izy hoe, "Mety ho andriamanibavy Amerikana izy, saingy eto izy dia mpivarotena Romana iray." Fahafaham-baraka iray toy ny inona! Ankehitriny, tsy maintsy manana zavatra tahaka an'izany izy ireo, izay tsy maintsy mitranga, mba hifanaraka amin'ny fanahin'ilay andro.

⁶⁰ Izany no antony idiran'io fiangonana io miaraka amin'ny fanompoana an'i Maria, an'ireo vehivavy hafa, sy ny sisa. Ilay fanahy iray ihany izany, eo ambanin'ny loha ara-pivavahana iray. Ary izany no antony tsy maintsy hanodinan'izy ireo ny sainareo hiala amin'ny Tenin'Andriamanitra tsy mifangaro, mba hamokatra an'io fandaharana io. Azo antoka.

⁶¹ Hitanareo ve ilay fifanjevoana izay misy antsika? Hitanareo ve ny hatanorana Amerikana, toerana inona no misy azy? Izany no lehilahy sy vehivavin'ny ampitso. Tsy mahagaga raha hoy Jesosy hoe, "Raha tsy nohafahezina ireo andro ireo, dia tsy hisy nofo hovonjena." Noho izany, dia mampifototra ny fisainako aho eto, hoe eo amin'ny andro farany isika. Ho avy tsy ho ela ny Tompo Jesosy.

⁶² Fa, ny fanahin'ilay andro, oh, afaka mahita ve ianareo? Raiso ny fisainanareo. Afaka mahita an'izay nitranga ve ianareo? Alohan'io fanafihana lehibe io, izay ho avy, mba hitondra ny mariky ny bibidia sy hanatanteraka ny Soratra, amin'ny fanerena ny olona, rehefa lasa tahaka azy any amin'ireo firenena hafa mihitsy ilay fihazonana, manery azy ireo ao amin'ireo zavatra izay tsy eken'izy ireo, mba hanao ny fananjehana sy ny fanilohana ho tonga. Tsy afaka mahita ve ianareo fa lavo tao amin'ny famirapirata sy ilay andriamanibavy i Amerika? Ary izany no karama, ny devoly ao amin'ny faritry ny nofo, manao lalana iray mba hampisehoan'ity ny tenany. Amena. Manantena aho fa azonareo izany. Mijanona mazava miala amin'izany. Tsy ahoako na D.D. firy, ny an'ny Ph.D., na mety ho inona no ao ambadik'izany; lainga izany.

⁶³ "Fa aoka ny tenin'olona rehetra ho lainga, ary ny Ahy ho marina," hoy ny Tompo. "Fa ny lanitra sy ny tany ho levona, fa Ny Teniko tsy ho levona mihitsy." Ny Tenin'Andriamanitra Mandrakizay dia mitaky mba hateraka indray ny olona. Ny

zavatra rehetra ankoatran'izany, dia very Mandrakizay izy ireo. Tsy mampaninona izay fiangonana ikambananareo, na aiza no misy ny anaranareo, na inona no nataonareo; very izany. Tsy ho diso mihitsy ny Tenin'Andriamanitra.

⁶⁴ Ankehitriny, tena betsaka ho an'izany. Ary manantena aho fa azonareo ao amin'ny Fanahy izay nanomena azy izany. Ianareo vahoaka Katolika malala, tsy manambany anareo aho. Sakaizako ianareo. Ary raha tsy izany ianareo, antony inona . . . Raha nitsangana teto aho, mba hiady aminareo, dia tokony handeha eo amin'ny alitara aho ka hanao ny foko hahitsy amin'Andriamanitra. Mitsangana eto aho miaraka amin'ny alahelo iray, tsy maintsy milaza an'izany; fa Fanahy iray, araka ny Teny, izany no manery ahy hilaza an'izany, sy hampitandrina ny andian'ondry izay nanaovan'ny Fanahy Masina anay ho mpanara-maso.

⁶⁵ Ary ny mahita an'ireo fandaharana lehibe manerana ny firenena, maneso ara-bakiteny an'ity Baiboly ity, nanao hoe, "Izany dia tahaka ny dohom-potaka izay andehananareo. Tsy misy olona afaka mivelona amin'Izany." Marina izany, vantany vao voakasika ny nofo.

⁶⁶ Fa ny Fanahy Masina no Anankiray Izay manapaka sy mitarika ny olona. Enga anie ny Tompo hamela anareo hahita ny fandikana.

⁶⁷ Ny Tenin'Andriamanitra no voalohany, sy farany, ary Mandrakizay, mandrakizay. Miteny indray mandeha ny Teny Andriamanitra, tsy afaka miova mihitsy Izany. Andriamanitra, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, dia nanao hoe, "Tamin'ny voalohany ny Teny." Ary inona "ny Teny"? Izany dia fisainana iray voaseho. Ny Ray, Andriamanitra, nahita an'ilay drafy-panavotana, nijery an'izany Izy, ary nahita an'izay nataon'i Satana. Dia nieritreritra Izy, ary Hitany ilay fandaharana tokana; fisainana iray izany ankehitriny. Fa rehefa Nasehony izany, dia lasa Teny iray. Ary vantany vao Teny iray, dia tsy mety maty mihitsy Izany; tsy maintsy ho Mandrakizay Izany. Satria Ny Teniny dia tsy mety diso tahaka Azy tsy mety diso. Ny Teniny dia tsy mety ho lasa tsy manana aina tahaka Azy tsy mety ho lasa tsy manana aina. Ny Teniny! Ireo olona fahiny, nanerana an'ireo taona, dia namaky an'ity Baiboly ity. Izany no nanindrimandry an'ireo fiangonana hatramin'ny nanoratana Azy.

⁶⁸ Raha nanoratra taratasy iray ho anareo aho, mety hankasitraka an'izany ianareo, manao hoe, "Rahalahy Branham, mankasitraka ny taratasinao aho." Ianareo no olona tokana izay nandefasana azy. Afaka kelikely, dia ho lasa tsy misy vidiny io taratasy io, raha tsy hoe porofo iray homba ahy na hanohitra ahy ilay izy.

⁶⁹ Fa niteny Andriamanitra indray mandeha, ho an'ny taranak'olombelona manontolo izany. Ary vaovao mihitsy Izany, izao hariva izao, tahaka Azy tamin'ilay ora nitenenana Azy. Niteny Andriamanitra ka nanao hoe, "Ilay Kristy no Zanak'ondry voavono hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao." Rehefa Andriamanitra, tamin'ny alàlan'ny Fandaharany sy ny Fisainany, ary niteny an'izany, dia voavono teo no ho eo Kristy, na dia tsy voavono tokoa aza Izy raha tsy efatra arivo taona taty aoriana. Ary Andriamanitra tao anatin'ny tao, tamin'ny alàlan'ny fahalalana mialoha, dia nahita hoe iza no ho voavonjy ary iza no tsy ho voavonjy. Ary teo no voasoratra tao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry ny anarantsika, tamin'ny fanorenana an'izao tontolo izao, ary nikambana tamin'ilay Zanak'ondry voavono.

⁷⁰ Ary ny Baiboly no nilaza, amin'ny andro farany... Henoy! "Ary ny antikristy dia namitaka ny rehetra izay nonina teto ambonin'ny tany, ireo izay tsy manana ny anarany voasoratra ao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao." Mijan'ona amin'ny Teny!

⁷¹ Ankehitriny, nahamarika aho, eo anivon'ireo rahalahintsika, ary milaza an'izao aminareo Protestanta am-panajana aho, tsy amin'ny fankahalana, tsy amin'ny lolom-po, tsy hoe mba hananana zavatra ho lazaina. Ho mora kokoa ny hiresaka mikasika zavatra hafa. Saingy, izany, fantatro...

⁷² Ary hoy ny Baiboly hoe, "Ry mpiambina, ahoana ny amin'ilay alina?" Ary raha mahita ny fahavalo tonga ilay mpiambina, ka diso amin'ny fampitandremana ny olona, dia nilaza Andriamanitra fa hitaky ny rà'n'izy ireo eo antàn'an'ilay mpiambina Izy. Fa raha mampitandrina azy ireo ilay mpiambina, amin'izay fotoana izay dia afaka ilay mpiambina.

⁷³ Noho izany, tsy maintsy mampitandrina aho. Ary eo anivon'ireo rahalahintsika Protestanta, dia voamariko, matetika, taorian'ny Hafatro aninkeo maraina, mikasika an'ilay fanahy vaovao, ary avy eo ny Fanahin'Andriamanitra ao amin'ny... Firy no teto aninkeo maraina? Eny àry. Ao amin'ilay fanahy vaovao, sy ny Fanahin'Andriamanitra. Maro be no miaraka amin'ilay fanahy vaovao, nefa tsy manana ny Fanahin'Andriamanitra. Tiako ho azo izany.

⁷⁴ Amin'izao andro izao, dia mahita fihetsehan'ny fifanjevoana lehibe iray isika eo anivon'ireo olona Protestanta. Ary rehefa miditra ao amin'ny fiangonan'izy ireo aho, dia tena mampalahelo be ilay izy indraindray. Ary ankehitriny dia azafady mamela an'ity fitenenana ity. Fa, tahaka ny Fanahy Masina... Tahaka, niresaka tamin'ny vadiko kely ery aoriana ery aho, indray andro. Rehefa nahita an'ireo zanak'olo-mpiray tam-po amiko nandry teo aho, izy roa samy nijery, nifanatrika, rehefa notakiana ny fiainan'izy ireo. Ny anankiray niaraka

tamin'ny sapile iray teny an-tànany, amin'ny maha-Katolika iray. Ary ilay anankiray hafa, Batista iray, teo amin'ilay ilany hafa. Izy roa, zanak'olo'mpiray tam-po amiko. Dia nojereko izy ireo. Nieritreritra aho hoe, "O Andriamanitra lehibe, ahoana no hampety an'ireto zavatra ireto? Tsy nahomby ve aho? Efa nisy zavatra iray ve?"

⁷⁵ Nilaza tamin'ny vadiko aho, hoy aho hoe, "Misy zavatra maro izay tena tsy fantatro, saingy misy zavatra sasany izay tena fantatro." Hoy aho hoe, "Hatramin'ny naha-zazalahy kely ahy, dia nandinika an'ilay tsiron-kazo aho tamin'ny ririnina, fararano amin'ny taona, midina avy eo amin'io hazo io, ary mandeha mankao amin'ny faka, mba hanafina ny tenany ka hanohy hafana mandritra ny ririnina. Efa nahita an'izany tamin'ny fomba ivelan'ny voajanahary aho, tamin'ny lohataona, miakatra indray, nitondra ravina niaraka taminy, sy voankazo. Efa nahita ny voninkazo aho, tao amin'ny hatsaran-tarehiny tamin'ny fahavaratra, nanondrika ny lohany tamin'ny ririnina, hatrany teo amin'ilay fanala, ka maty; ary levona ilay voa, ary levona ilay nofom-boninkazo. Ary avy eo dia hitako, tamin'ny lohataona an'ilay taona, fa nitsangana indray io voninkazo io." Hoy aho hoe, "Mino aho. Fantatro fa manao an'izany izy ireo. Mino aho fa ilay Anankiray Izay antsoina hoe Jehovah Andriamanitra, mino aho fa io Jehovah Andriamanitra io no manao an'izany. Izy no mitantana ny natiora. Nandinika Azy aho, niaraka tamin'ilay hazo kesika, niaraka tamin'ilay hazo papaw, na niaraka tamin'ny hazo bouleau, niaraka tamin'ny hazo paoma, ary ny tsirairay avy dia samihafa amin'ny iray hafa. Ary ahoana fa io olona io, natao tamin'ny fomba anankiray ary iray hafa, izy rehetra dia novolavolain'ny Fisainana ambony iray, Andriamanitra izany." Hoy aho hoe, "Fantatro izany."

⁷⁶ Mino aho fa Jesosy no Zanak'Andriamanitra. Mino aho fa, tao amin'ny Vatany, dia Olona iray Izy. Nateraky ny vehivavy iray Izy, tahaka ahy mihitsy, saingy Ny Ràny dia tsy avy tamin'ny vehivavy iray; avy tamin'Andriamanitra izany. Ary Jehovah Andriamanitra, ilay Logos, Izay nanomba teo ambonin'ny tany, (tao amin'ny Hafatro aninkeo maraina), ka nanomba an'ilay olona voalohany avy tamin'ny vovoky ny tany; no nanaloka an'i Maria, sy nanomba teo amboniny, mba hanatanteraka Ny Teniny, ka namorona an'ilay Selan-dRà izay niteraka an'ilay Zanak'Andriamanitra velona. Mino aho, tao amin'ny vatana iray, dia Olona Izy. Mino aho, tao amin'ny Ainy, dia Andriamanitra Izy. Izy no fanehoan'Andriamanitra teto antany teto. "Andriamanitra dia tao amin'i Kristy, nampihavana (Azy) an'izao tontolo izao tamin'ny Tenany." Mino aho fa tsy olona tsotra iray fotsiny Izy, tsy mpaminany iray koa Izy. Andriamanitra Izy, Imanoela. Mino aho, amin'ny foko rehetra, fa marina izany. Tsy afaka manaporofa an'izany fahamarinana izany aho, satria ny... raha afaka aho, amin'izay fotoana izay

dia tsy ho avy amin'ny finoana izany. Saingy fantatro fa ireo hazo dia tonga ary lasa. Fantatro fa ireo voninkazo dia tonga ary lasa. Fantatro fa nihodina ny natiora rehetra. Mipetraka eo amin'ny fihodinany izao tontolo izao, amin'ny alàlan'ny Hery lehibe iray faratampony.

⁷⁷ Ary ny zavatra hafa iray izay fantatro, hoe, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, dia misy Zavatra iray tonga amiko, ao amin'ny endrika Anjely iray, Hazavana iray. Ary Izy no miteny amiko an'ireo zavatra, izay hitranga, ary hitako izany. Fantatro fa tsy ara-boajanahary izany. Maneho amiko an'ireo zavatra izany, taona maro mialoha, nefa tsy diso mihitsy Izany na indray mandeha aza. Mino aho fa Izany no ilay Andriamanitra iray ihany izay niaraka tamin'i Josefa, izay niaraka tamin'i Daniela, izay niaraka tamin'i Elia. Mino aho fa Izany no ilay Fanahy Masina iray ihany izay nitarika ny zanak'Isiraely, tamin'ny alàlan'ny Andry Afo iray.

⁷⁸ Noho izany, dia afa-po aho fa misy zavatra iray, hoe marina ny Baiboly, satria ny natiora rehetra, ny zavatra rehetra izay antsoiko hoe finoana, ny zavatra rehetra izay dinihiko, ka tsy azoko porofoina, dia manaporofa amin'ny alàlan'ity Baiboly ity fa Izany no fahamarinana.

⁷⁹ Mahita an'i Jesosy aho. Izy dia tsy arak'izay iheveran'ireo Jiosy Azy. Izy—Izy no nahatanteraka ny fitakiana tsirairay izay tokony haha-izy ny Mesia. Izy no Mesia.

⁸⁰ Ary mahita ny Fanahy izay teo amin'ireo lehilahy tany ireo aho, mahita an'Izany midina teto mihitsy ary manao an'ilay zavatra iray ihany. Noho izany, efa mpino mafy iray an'ny Tenin'Andriamanitra velona aho, tsy mampaninona na foromporonina inona no mipoitra.

⁸¹ Efa nandeha tany amin'ireo fiangonana aho. Ary milaza an'izao amin'ny fanajana aho ankehitriny. Hitako fa, matetika, ao amin'ireo fiangonana, mino aho fa ny olona dia mandray ny fanahin'ny iray hafa, raha tokony ho ny Fanahy Masina. Midira ao amin'ny fiangonana iray ka diniho fa manetsiketsika ny lohany angamba ilay pasitera; dia hanao an'izany ilay fiangonana manontolo. Midira ao amin'ny fiangonana izay ilazan'ilay pasitera fa manana diloilo izy mikoriana avy eo amin'ny tany; ny zavatra voalohany fantatrareo, mino an'izany ilay tarika manontolo, ary manana an'izany izy ireo. Midira ao amin'ny fiangonana iray izay misy fandihizana betsaka sy fitsambikinana ary fihazakazahana. Tsy manameloka an'ireo zavatra ireo aho; miresaka fotsiny aho avy amin'ny—ny fandinihana iray, mba haneho he—hevitra iray aminareo. Raha hanana pasitera iray izay tena ara-pientanam-po ianareo, dia ho ara-pientanam-po ilay fiangonana manontolo. Alaivo ny pasitera iray izay madity sy henjana, dia ho madity sy henjana

ilay fiangonana manontolo. Mino aho fa mandray ny fanahin'ny hafa ianareo.

⁸² Alaivo ny lehilahy tsara iray sy vehivavy ratsy iray, ka apetraho miaraka izy ireo, ny anankiray handeha hankany amin'ilay hafa. Na izy ho lasa lehilahy ratsy iray, na vehivavy tsara iray. Ianareo . . . "Tsy afaka mandeha miaraka ny anankiroa raha tsy mifanaraka izy ireo."

⁸³ Ary afaka milaza an'izao amin'ny fanajana sy ao amin'ny Baiboly aho. Amin'ny foko rehetra, dia niezaka tamin'izay rehetra ato anatiko aho, mba tsy ho mpifamaly iray mihitsy. Satria, ilay fahitana, ny maraina izay nametrahako an'ilay vato fehizoro, dia voalaza hoe, "Torio ny Teny. Ataovy ny asan'ny evanjelista. Ataovy feno porofo ny asam-panompoanao. Fa ho avy ny andro izay tsy hahazakan'izy ireo ny Foto-pampianarana madio; fa hamory ho an'ny tenany, miaraka, hanana mpampianatra miaraka amin'ny sofina mangidihidy, ka hivily hiala amin'ny Fahamarinana, ho amin'ny anganongano."

⁸⁴ Inona ny Fahamarinana? "Ny Teninao no Fahamarinana." Jaona 17, "Amasino izy ireo, Ray, amin'ny Fahamarinana; Ny Teninao no Fahamarinana." Ankehitriny . . .

⁸⁵ Ary raha meloka aho, dia mivavaka amin'Andriamanitra aho hamela ahy. Fa miezaka amin'ny foko rehetra aho mba hanolotra ny—ny Teny amin'ny olona, ka ny Fanahy izay hanaraka, rehefa mitsangana eo amin'ny Fitsarana aho, dia tsy ho ilay fanahin'ny foromporonina iray an'ireo sahona mitsambikina mivoaka avy amin'ny olona, na ireo biby kely manidina, sy ny sisa, na menaka miraraka avy eo amin'ny tanaana; fa ho ny Fanahy, izay ao amin'ny Tenin'ilay Andriamanitra velona izay nanoratra ao amin'ity Baiboly ity, niaraka tamin'ny traikefan'ny Baiboly. Izany no niezahako mafy.

⁸⁶ Ankehitriny, mba hanaovana fototra ny fisainana kelintsika eo amin'ny olona iray an'ny Baiboly. Maka anankiray, izao hariva izao, mba hitondrana ny fisainantsika miaraka, mba hamatotra azy ireo miaraka sy hanolotra azy ireo ho anareo; avy eo dia ataovy izay tianareo, izay apetrak'Andriamanitra ao amponareo.

⁸⁷ Ndao isika hiverina ao amin'ny Mpanjaka Voalohany ny toko faha-22, dia ho hitantsika izany, fa nisy lehilahy iray, mpanjaka iray, tamin'ny anarana hoe Ahaba. Ary efa mpanjaka mahery iray izy, lehilahy miaramila iray, ary lehilahy malaza iray; saingy, mpino matimaty iray, mpanara-driandrano. Ahaba no anarany.

⁸⁸ Farany, Elia mpaminany, izay voamarina, mpaminany iray, dia nanonona ny fahavoazan'i Ahaba. Taona maro taorian'ny nahalasanan'i Elia, dia nisy mpaminany iray amin'ny anarana hoe Mikaia. Noho izany, Josafata, ny rainy, dia lehilahy marina

iray, izay mpanjakan'i Joda, tonga mba hitsidika an'i Ahaba, ilay mpanjakan'ny Isiraely.

⁸⁹ Ary Ahaba dia nanana fanjakana iray lehibe, mampirapiratra. Diniho ankehitriny, fanjakana iray mampirapiratra! Satria izy dia nanana vady kely, ratsy niloko tarehy, tamin'ny anarana hoe Jezebela, ary nambabo an'ilay firenena manontolo fotsiny izy, afa-tsy ilay voafidy, ho amin'ireo sampin'ny fireneny.

⁹⁰ Ianareo ve, oh, rahalahy, afaka mahita ny fanahin'io devoly iray ihany izay miasa eto Amerika amin'izao andro izao io ve ianareo, ireo Jezebela kely, ilay fanahin'ny famaboana an'ireo zanak'Andriamanitra hanalavitra an'i Kristy? Milaza an'izany aho, tsy amin'ny vazivazy. Tsy toerana ho an'ny vazivazy ity. Polipitra ity. Eto no misy ny seza fitsaran'Andriamanitra; ary ny Teny no mpitsaran'Andriamanitra. Na, Izy no... Izany no Fitsarany, ny Teny izany.

⁹¹ Mariho ankehitriny hoe ahoana fa ity vehivavy kely ity, zavatra kely iray mahafatifaty tahaka an'izany no tsy maintsy naha-izy azy, saingy nahataona firenena iray tanteraka tokoa izy.

⁹² Ary inona no mahataona antsika amin'izao andro izao? Tsarovy, milaza mialoha an'izao aho, hoe Amerika dia mpitia vehivavy iray. Mpivavaka amin'ny vehivavy izy. Ny fanahy eto Amerika, dia azon'ny vehivavy tanteraka tokoa. Afaka tonga ao Hollywood ireto vehivavy kely ireto, afaka mandeha eny andalambé izy ireo ka mandefa lehilahy mankany amin'ny helo be lavitra noho ireo trano fisotroan-toaka rehetra izay azonareo atambatra miaraka.

⁹³ Ary, kanefa, ao amin'ny toerany marina, dia firavaka iray ho an'ny fon-dehilahy iray izy, ary fitahiana iray ho an'ny Fanjakan'Andriamanitra. Hitanareo ve izany?

⁹⁴ Diniho vetivety fotsiny ankehitriny. Ary, tsia, tsy manao fitsarana mialoha; mipetraka fotsiny ary mihainoa. Aoka ny Fanahy Masina no hitondra an'izany ho anareo. Ankehitriny, androany, dia ao amin'izany toerana izany isika tahaka azy tamin'ny andron'i Ahaba. Eny, na inona na inona nolazain'ilay vehivavy, dia izany no nataon'i Ahaba. Ankehitriny, na dia ao am-piangonana aza, dia manompo vehivavy izy ireo.

⁹⁵ Vao tsy ela akory izay, dia naseho ny fahatezerako marina. Tany Mexico, rehefa nahita vehivavy iray mahantra, kely aho, nahafantatra ny aminy, raha ny marina, nidina, nandady mailly maro teo amin'ireo vato mahamay. Ary raha nandeha ilay ray, niaraka tamin'ny zazakely iray teny an-tsandriny, roa tamin'izy ireo, ary ny anankiray nanaraka an'ilay mama. Ary izy, nitomany, ary ny hoditra niendaka teo amin'ny lohaliny, ka nisintona ny tănany teo amin'ireo vato, ary nitomany. Dia nijery azy ny olona rehetra. Niakatra teo amin'ny sarivongana

iray izy, an'ny vehivavy maty iray izay natao ho olo-masina iray. Ary tsy milaza an'izany am-pitsikerana aho. Milaza an'izany ao amin'ny hazavan'ny Tenin'Andriamanitra aho. Izany dia tena, tsy mifangaro, momba ny fanahy.

⁹⁶ Hoy ny Baiboly hoe, “Tsy misy mpanelanelana, tsy misy mpanao fanelanelanana, eo amin'Andriamanitra sy ny olona, afa-tsy ilay Kristy Jesosy Olona.”

⁹⁷ Raha Katolika ny fiangonana voalohany, amin'izay fotoana izay dia nahoana no niova izy ireo; nefa ilay Katolika voalohany dia nanameloka an'izany, fa ity Katolika ity dia manaiky an'izany? “Tontolom-behivavy iray izany.” Ny fanahy sy ny teny filamatra, dia izany androany. Ary marina izany. Marina tokoa izany.

⁹⁸ Ary milaza mialoha aho fa ho vehivavy malaza iray ny vehivavy iray. Ianareo olona tanora eto izao hariva izao, tsarovy fa Rahalahy Branham no nilaza an'izany. Ary nolazaiko izany tamin'ny '33, rehefa nahita ny Fihavian'ny Tompo aho. Ary ahoana fa haka endrika tsy ankitsahatra tahaka ny atody iray ireo fiara, hany ka ho tonga ao amin'ny endrika atody tanteraka iray izy ireo amin'ny farany. Angamba ny ampahanareo eto dia mahafantatra an'izany; voasoratra eo amin'ireo gazety tranainy sy ny sisa izany. Ny maraina rehefa teto izahay tao amin'ilay tempoly Franc-maçon kely izay nanananay ny... na ilay trano fitaizana kamboty eto, eo—eo amin'ny lâlana manaraka, faharoa, izay nanaovanay ny fivoriana. Ary nahita vehivavy iray nitsangana aho, ratsy tahaka azy, ka nanapaka ny firenena. Ary milaza mialoha aho fa vehivavy iray no ho na Filoha, na hanao, na ho tonga ao amin'ny karazana fahefana lehibe iray, eto Etazonia, alohan'ny fandranganana manontolo an'izao tontolo izao. Hazòny ao an-tsaina izany. Efa nolazaiko izany.

⁹⁹ Mariho ankehitriny izay miseho. Jezebela, nanapaka an'i Ahaba izy. Nentiny tamin'ny orony izy. Ilay izy taloha, dia i papa mahantra... Na, mama no mijanona ao an-trano miaraka amin'ireo zazakely raha mbola tany ivelany ilay vady mamolava. Ilay izy dia i papa mahantra ankehitriny no mikarakara an'ilay zazakely raha mbola any ivelany ilay vehivavy mamolava. Ankehitriny dia tsy vazivazy izany. Izany no fahamarinana. Tsy miresaka ny amin'ireo olona marina aho. Tsia, tompoko. Maneho fotsiny an'ilay fanahy izay ao amin'izao tontolo izao aho.

¹⁰⁰ Mariho ankehitriny. Tsy mampirapiratra hafa iray ve ity... Jereo ireo andron'i Ahaba, niroborobo toy ny ahoana ilay firenena. Oh, oadray! Ilay taona volamena lehibe no nisv tamin'izany. Toy ny ahoana no niroboroboan'ny Isiraely teo ambanin'i Ahaba, io mpihatsaravelatsihy io, ary Jezebela marina tokoa no mpanapaka tao ambadik'izany! Ary izany dia ny... Ho anareo mpianatra Baiboly. Tahaka ny nanambadian'i Ahaba

an'i Jezebela ka nampidirany fanompoan-tsampy tao amin'ny Jodaisma, tao amin'ilay taona maizina, dia toy izany koa no nanambadian'ny Protestantisma ny Katolisisma, ary namerina ny fanompoan-tsampy tao amin'ilay fiangonana Kristiana.

¹⁰¹ Ary amin'izao andro izao, tsarovy, ny fiangonana Protestanta dia nantsoina hoe mpijangajanga iray, satria izy dia nantsoina hoe mpivarotena iray, ihany koa. Tsarovy izany. Noho izany, ny vilany tsy afaka hiantso ny famanandrano hoe mainty. Tsy afaka mitsambikina avy ao amin'ny afo ianareo, ao amin'ilay fanendasana. . . ilay lapoaly fanendasana, mankao amin'ny afo, mba hanampy ny tenanareo.

¹⁰² Fa, ndao isika hanamarika ny Fahamarinana. Ny Fahamarinana no ilaintsika. Vahoaka an-dàlana ho any amin'ny Mandrakizay isika, ary tsy maintsy hihaona amin'Andriamanitra. Ary ndao isika hitady ny Fahamarinana.

¹⁰³ Ankehitriny dia tiako ianareo hanamarika, raha sitrakareo. Nisy tonga . . . Isan'andro, Andriamanitra dia nandefa . . . Na, ny zavatra voalohany, Josafata, ilay lehilahy marina, dia tonga mba hitsidika an'i Ahaba, tamin'izay fotoana izay no nampidirany ny tenany tao anatin'ny olana.

¹⁰⁴ Tsy afaka manafangaro ny tsara sy ny ratsy miaraka ianareo, ka hahazo zavatra avy amin'izany. Tsy afaka mametraka menaka miaraka amin'ny rano ianareo; tsy hifangaro izany. Ianareo koa tsy afaka, ny fikambananareo sy ny fifandraisanareo, hiaraka amin'ireo zavatr'izao tontolo izao, nefa mbola miaina fiainana mandresy foana. Hoy ny Baiboly hoe, "Mivoaha avy eo anivon'izy ireo, ka misaraha ianareo, hoy ny Tompo." Ankehitriny, hitanareo?

Inona . . . Hoy ianareo hoe, "Eny, Rahalahy Branham, izaho—fantatro."

¹⁰⁵ Fa, maka an'ireo fahaizanareo manokana ianareo; mifanohitra amin'ny Teny izany. Ary ny Teny no Fahamarinana. Mino ny Teny aho.

¹⁰⁶ Mariho ankehitriny, tonga teo amin'i Ahaba i Josafata, ary, oh, nanao fety lehibe iray izy. Azo antoka. Isika dia hiantso, androany, amin'ny fiteny eny an-dàlambe hoe, "manao labaomba." Ary nanasa ny olona rehetra izy. Mamono omby izy ireo, sy ny sisa, ary ondry. Ary nanao fety lehibe iray izy ireo teo anivon'izy ireo.

Ary amin'izany fotoana izany no tafiditra ao anatin'ny olana ny mpino iray.

¹⁰⁷ "Oh, teneniko aminareo, tery saina fotsiny ianareo, io toerana holy-roller kely io. Izy ihany. Tokony ho tonga ao amin'ilay fiangonana goavana ianareo. Tokony ho tonga ianareo. Oh, tokony hahita ianareo! Ny pasiteranay dia manana D.D. iray, D.D., Ph.D." Hitanareo, "Ny—ny pasiteranay! Mihira

tahaka ny Anjely ny antoko mpihiranay.” Tsy misy idiran’izany amin’Io, raha mifanohitra amin’ny HOY NY TOMPO HOE ilay izy. Ankehitriny, ny . . .

¹⁰⁸ Ary rehefa namono an’ilay omby izy ireo, ka nanao fety goavana iray, dia nanana safidy hafa iray tao amin’izany i Ahaba. Ary diso ireo antony. Niezaka nanao fampisehoana goavana iray izy, mba hamandrika an’i Josafata.

¹⁰⁹ Ary izany ilay zavatra iray ihany izay ezahan’ny devoly atao amin’izao andro izao. “Eny, izahay no maro an’isa.” Azo antoka.

¹¹⁰ Efa tao amin’ny havitsiana foana ilay Fiangonan’Andriamanitra, mandra-pihavin’i Jesosy. “Aza matahotra ry ondry vitsy, fa sitraky ny Rainareo ny hanome anareo ny Fanjakana.” Marina izany. Ao amin’ny havitsiana isika, saingy mety tsara izany. Raha mbola eo foana Andriamanitra, dia mbola maro an’isa foana izany, amiko; ary fantatro fa izany ilay izy, aminareo. Satria, “Raha momba anareo Andriamanitra, dia iza no afaka hanohitra anareo?”

¹¹¹ Ankehitriny, fa, izy—nanana antony iray izy tao ambadik’izany. Ary rehefa nanana izy, dia hoy izy hoe, “Ankehitriny satria eto isika rehetra ary manana fotoana tena goavana iray! Handeha hiakatra any Ramota-Gileada miaraka amiko ve ianareo, mba hiady? Satria, raha ny marina, dia i Syria no manana an’izany any ambony any, nefa ahy i Ramota-Gileada. Ara-dalàna izany. Izahay no manana ny zò. Izahay no fiangonana voalohany. Izahay no manana ny zò.” Hitanareo ve ilay izy?

¹¹² Dia hoy i Josafata hoe, “Eny, ankehitriny, satria manana fotoana tsara iray isika,” hoy izy, “dia mitovy amin’ireo lehilahinao ireo lehilahiko. Nahoana, mpino isika rehetra, na ahoana na ahoana, noho izany dia ndao isika hiara-hiasa fotsiny.” Nanao fahadisoana lehibe izy. Nanao izy. Ary Josafata, satria ara-panahy betsaka . . .

¹¹³ Araka ny inoako, amin’ny foko rehetra, dia izany no tandindona iray an’izao andro izao. Azo antoka, any ho any, na ahoana na ahoana, dia handefa ny Hafatra mankany amin’ilay marina ao am-po Andriamanitra. Izy no nilaza, tany amin’ny voalohany, fa hanao Izy, noho izany dia Izy no nandamina an’ilay fandaharana. Aoka . . . [Elanelana tsy voaraki-peo.] Milahatra amin’izany fotsiny.

¹¹⁴ Diniho izy ankehitriny. Hoy izy hoe, “Azo antoka, handeha hiaraka aminao aho. Saingy,” hoy izy, “andraso iray minitra. Mino aho, fa alohan’ny andehanantsika, dia tokony hanontany ny Tompo isika. Tsy mihevitra tahaka an’izany ve ianao? Raha mpino isika rehetra, amin’izay fotoana izay dia ndao isika hanontany ny Tompo.”

¹¹⁵ “Eny,” hoy i Ahaba, “izany tokoa, marina izany. Oh, nahoana aho no tsy nieritreritra an’izany? Azo antoka. Tokony ho

nieritreritra an'izany aho, hatramin'izay.” Hoy izy, “Manana efajato amin'ireo mpaminany tsara indrindra izay misy ato amin'ny firenena aho. Efa nampitafiako tsara izy rehetra ireo. Izy rehetra dia manana ny D.D.D., Ph.D., sy ny sisa. Manana rafi-pandaminana lehibe iray izy ireo eto, ireo mpaminany, noho izany dia hitondra azy ireo hiakatra fotsiny aho ka ho hitantsika izay lazain'izy ireo.”

¹¹⁶ Fantatrareo, tsy dia nety tsara tamin'i Josafata marina mihitsy izany. Izy dia . . .

¹¹⁷ Noho izany dia nandeha izy ireo ka naka azy ireo, ireo mpaminany efajato rehetra, tsara fahana, tsara akanjo. Namahana azy ireo tamin'ny azy manokana i Ahaba, satria nasainy nanao marina tokoa an'izay nolazainy hatao izy ireo.

¹¹⁸ Eo ianareo izao. Eo ianareo izao. Oh, azo antoka, “Izahay no manana an'ireo fiangonana tsara eto, ireo toerana goavana be.” Fa, matetika, raha mitory teny mihoatra ny roapolo minitra ilay mpitory teny, dia handroaka azy ny komitin'ny diakona. Fa, ho tahiana anie ny fonareo, ny lehilahin'Andriamanitra iray dia tsy hihaino an'izany fahadalana izany. Marina. Raha nikapoka be loatra ny fahotana izy, nahoana, dia ho nifidy azy hivoaka ilay fiangonana manontolo; fa izany dia satria ao amin'ny anaram-piangonana iray izy. Fa ao amin'ny Fiangonan'Andriamanitra, dia tsy nofidiana hiditra ianareo na nofidiana hivoaka. Nateraka tao ianareo, indray mandeha, mandritry ny Mandrakizay, mandrakizay. Andriamanitra irery ihany no afaka handroaka anareo; ary efa nianiana tamin'ny Tenany Izy, fa tsy hanao an'izany mihitsy Izy. Amena. Fantany izay nanaovana anareo alohan'ny Ampidirany anareo. Tsy mitantana ny Raharahany amin'ny kisendrasendra tahaka ny ataon'ireo rafi-pandaminantsika Izy, nampiditra azy ireo, telopolo—telopolo andro, na enimpolo andro, na sivifolo andro, eo amin'ny andrana. Fantany hoe inona izy ireo alohan'ny hany itenenan'izy ireo, alohan'ny idiran'izy ireo tao amin'ilay Fiangonana. Fantany marina tokoa izay nanaovana azy ireo. Izany no antony hoe tsy maintsy ateraka indray.

¹¹⁹ Ankehitriny, rehefa nitondra azy rehetra ireo tany izy, ka tonga teo amin'ny seza fiandrianany, dia tonga teo amin'ny seza fiandrianany ilay anankiray hafa, ary nipetraka teo izy ireo. Dia hoy izy, “Ento ireo mpitory teny rehetra, ireo mpaminany.” Dia nivoaka izy rehetra, ary nanao ny fihetsiketsehanany. Ary nanana fotoana goavana iray izy ireo, eny àry.

¹²⁰ Hoy izy hoe, “Ankehitriny, tsy toy ny mahafinaritra ve izy ireo? Henoy ilay fiteny izay ampiasain'izy ireo.” Oh, oadray! Mahafinaritra toy ny ahoana no nahafahan'izy ireo niteny, fantatrareo! Oh, “Ahhhh-men,” ary ireo fihetsiketsehana rehetra izay nataon'izy ireo. Ary nanana fifangaroana iray manontolo izy ireo tany. Nanana an'izany rehetra izany izy ireo.

¹²¹ Noho izany, rehefa, ny zavatra voalohany fantatrareo, hoy izy hoe, “Miakara! Hoy ny Tompo hoe, ‘Miakara!’”

¹²² Hoy izy hoe, “Hitanao ve ankehitriny, ry Josafata? Hitanao, marina ny ahy, na izany aza.”

¹²³ Nahoana? Fantatr’izy ireo izay ho lazaina. Tsaratsara kokoa amin’izy ireo ny mahafantatra an’izay ho lazaina, raha tsy izany dia verin’izy ireo ny taratasim-panendreny. Oh, eny, tompoko. Nandalo ilay lehilahin’ny distrika, sy ny presbyteram-panjakana, ary, ny tiako lazaina, dia voaroaka izy ireo, haingana mihitsy, raha tsy nilaza zavatra tsara izy ireo mikasika an’ily— ilay tana izay namahana azy ireo. Satria, ny hany fantatr’izy ireo dia sakafy materialy, na ahoana na ahoana.

¹²⁴ Faly aho fa misy Tana iray izay naratra, izay manao ny famahanana ny Fiangonan’Andriamanitra.

¹²⁵ Mariho. Avy eo dia hitako izy rehetra ireo naminany hoe, “Oh, eny, ry mpanjaka! HOY NY TOMPO HOE, ‘Miakara!’” Ary ankehitriny, ny zavatra hafahafa dia, voatsindrimandry tokoa izy ireo.

¹²⁶ Fa diniho ankehitriny. Fa io karazana tsindrimandry io dia tsy nahakasika an’io lehilahin’Andriamanitra io, Josafata. Hoy izy hoe, “Andraso iray minitra. Mino aho fa nanao fahadisoana iray aho teto. Misy zavatra tsy mety ao. Tsy tokony ho tafiditra tao amin’ity aho.” Hitanareo? Ny omby mahafantatra ny tranon’ombin’ny tompony. Hitanareo? Misy. . . Hoy izy hoe, “Ah, ah, mamela ahy, Atoa. Ahaba Mpanjaka, fa, ah, tsy manana anankiray amboniny ve ianao, mpaminany iray hafa?”

¹²⁷ Nahoana, ho nilaza i Ahaba hoe, “Eny, efajato, iray saina, ary ireo lehilahy nianatra tsara indrindra izay ananantsika, ary indro izy ireo iray saina, nanao hoe, ‘Ity no sitrapon’Andriamanitra! Ity no sitrapon’Andriamanitra!’”

¹²⁸ Hoy izy hoe, “Tsy maneno tsara fotsiny ilay izy, na ahoana na ahoana,” tao am-pony tao. Amena. Oh, vonona ve ianareo? Ity ilay izy. Fantany fa tsy naneno tahaka ny Tenin’Andriamanitra izany. Hoy izy hoe, “Tsy misy anankiray hafa fotsiny ve?”

¹²⁹ Henoy ankehitriny. Hoy i Ahaba hoe, “Eny, manana holy-roller iray izahay. Manana anankiray izahay amin’ny anarana hoe Mikaia. Fa, teneniko aminao, halako izy.” Oh, hia! “Manana anankiray amboniny izahay, saingy tsy mikambana amin’ny rafi-pandaminanay izy. Noroahin’izy ireo izy efa ela izay. Any amin’ily havoana any ho any izy. Mikaia no anaranay.”

¹³⁰ Hoy i Josafata hoe, “Tiako fotsiny ny handre an’izay lazainy.” Amena. Hitanareo ve ilay izy? Tandindona iray an’izao andro izao. “Tsy misy anankiray amboniny fotsiny ve?”

¹³¹ Hoy izy hoe, “Eny. Saingy, oh, fanatika iray izy! Milaza zavatra ratsy mikasika ahy foana fotsiny izy.” Ahoana no nahafahany nilaza zavatra hafa, nefa ny Tenin’Andriamanitra

dia nilaza zavatra ratsy mikasika azy! “Nahoana, manameloka ny rafi-pandaminanay mihitsy aza izy. Nahoana, mpandrava fiangonana iray izy. Izay ihany ny amin’izany. Eny, niezaka naka azy ireo mpaminany ary nanome azy ny diplaoman’ny Bakaloreany, saingy, oh, tsy nipetraka tsara izy. Nijadojadona nivoaka teo mihitsy izy. Fanatika antitra iray fotsiny izy.” Hitanareo?

¹³² Nanana Fanahin’Andriamanitra betsaka mikasika azy i Josafata, avy tamin’ny dadany, hoy izy hoe, “Tiako ny handre azy. Mandehana alaivo izy.”

¹³³ “Eny, mampitandrina anao aho. Mampitandrina anao aho. Mirarak’ivy izy sy ny zavatra hafa rehetra. Tsy manana an’ily fahamendrehana izay ananan’ireto lehilahy hafa ireto fotsiny izy.”

“Tiako ny handre azy.”

“Ny Ondriko mahalala Ny Feoko. Tsy manaraka vahiny iray izy ireo.”

¹³⁴ Sendra i Josafata no iray amin’ireo zanak’ondrin’Andriamanitra. Hoy izy, “Tsy maneno tsara fotsiny izany.” Ilay izy dia tsy manana an’ily tsara... Manana fikorintsanana iray ilay izy, fa tsy manana faneno iray. Tahaka ny feon’ny varahina sy kipantsona mikitrana; tsy maneno tsara ilay izy. “Tahaka ny mandraraka pitipoa eo amin’ny hoditr’ombivavy maina iray,” araka ny nolazain’i Roy Davis taloha. “Tsy maneno tsara fotsiny ilay izy.”

¹³⁵ Hoy izy hoe, “Avelao aho handre an’io lehilahy izay fanatika io, araka ny iantsoanao. Ilay anankiray izay tsy hikambana amin’ny rafi-pandaminanao, ary ilay anankiray izay manana ny heviny manokana fotsiny.” Satria, fantany fa tsy maintsy manana ny fahamarinana io lehilahy io, satria fantany fa tsy izany io.

Noho izany, dia hoy izy hoe, “Haniraka aho, haka azy, arak’izany.”

¹³⁶ Noho izany, dia nandeha nankany amin’ireo havoana izy ireo, ary nidina teny amin’ily lalankely, na taiza na taiza nitoriany teny, na ilay misiona kely. Ary indro tonga ny mpihazakazaka iray.

¹³⁷ Ary raha mbola lasa izy ireo, oh, oadray, dia nanana haromontana iray izy ireo! Nahoana, na dia ny zalahy anankiray aza, nantsoina hoe Zedekia, nandeha izy ka nametraka tandroka teo amin’ny lohany. Oh, rahalahy, nanana an’ily fanambarana tsara mihitsy izy. Nanana diloilo izy teny an-tànany, sy ny zavatra hafa rehetra. Nanana fotoana iray ho azy izy. Eny, tompoko. “Oh, HOY NY TOMPO HOE, ahoana fa hatosintsika hiverina avy hatrany any amin’ny taniny i Syria, miaraka

amin'ireto tandroka ireto!” Nanana fotoana iray ho azy ireo izy ireo.

Noho izany, ilay mpihazakazaka izay tonga, dia nanao hoe, “Mikaia?”

Hoy izy, “Hia.”

“Ianao ve no zanak'i Jimla?”

“Eny, izaho no izy.”

“Ianao ve ilay mpaminany, ilay holy-roller, ilay fanatika?”

“Eny, ataoko fa izaho izany.”

“Eny, te-hahita anao ny mpanjaka.”

¹³⁸ “Oh, izany ve?” Efa fantatr'i Mikaia izany, tsy isalasalana. Ny Tompo no efa niteny taminy hoe inona daholo ny mikasika an'io fivoriana tany io. Noho izany, dia nitsangana izy.

¹³⁹ Noho izany, hoy izy hoe, “Ankehitriny, andraso iray minitra. Alohan'ny hanombohanao an'ity fifohazana ity, dia ho teneniko aminao izay ho toriana. Ankehitriny, ireo mpitory teny hafa rehetra dia tsy mitory mikasika an'ireo zavatra ireo. Aza milaza na inona na inona mikasika ny hazakaza-tsoavaly ianao, ary aza milaza na inona na inona mikasika an'ity ianao, ary—ary, na *ity* sy *itsy*, satria, hitanao, tsy milaza an'izany ireo mpitory teny hafa.” Hoy izy, “Lazao ilay zavatra iray ihany izay lazain'izy ireo.” Ankehitriny, izany ilay hisy amin'izao andro izao.

¹⁴⁰ Ankehitriny dia hilaza an'izay lazain'ny Soratra isika. Hoy izy hoe, “Mikaia, naminany tsara ho an'ny mpanjakantsika ireo mpaminany hafa. Ary ankehitriny, fantatrao, lehilahy iray manan-kaja izy,” amin'ny teny hafa. “Ankehitriny ianao dia tsy maintsy milaza an'ilay zavatra iray ihany izay izy, lazain'izy ireo, ary maminania tsara.”

¹⁴¹ Hoy izy hoe, “Raha velona koa ny Andriamanitra, dia hilaza fotsiny ihany an'izay HOY NY TOMPO HOE aho.” Amena. Andriamanitra anie hanome antsika an'ireo Mikaia; mijanona amin'ny Teny. Mety tsy nanana an'ireo foromporonina rehetra izay nananan'ireo hafa izy. Mety tsy nanana an'ilay diplaoma izay nananan'ilay iray hafa izy, ny Ph.D. Mety tsy nanana an'ilay toerana ara-tsosialy izy. Mety tsy ilay D.D. goavana izy, teo anatrehan'ny olona. Saingy nanana ny Teny izy. Amena. Oh, izay ilay izy. Fantany fa hihazona Ny Teniny Andriamanitra. Noho izany dia hoy izy hoe, “Izay tenenin'Andriamanitra amiko ho lazaina fotsiny, dia hilaza an'ilay zavatra iray ihany izay lazain'Andriamanitra aho.”

¹⁴² Ary raha milaza mialoha an'ireo andro ho avy Andriamanitra, dia milaza mialoha an'io zavatra ratsy io izany, ny fanompoana vehivavy, na ny fanelanelanan'ireo olo-masina, na fiombonan'ireo olo-masina; raha manameloka an'izany fahadalana rehetra izany Izy, sy ireo zavatra hafa ireo. Ary

manao hoe, “Tahaka ny nanoheran’i Jana sy Jambra an’i Mosesy, dia ho toy izany koa amin’ny andro farany.” Manameloka an’ily zavatra aho, ao amin’ny Tenin’Andriamanitra, ary milaza fa ratsy izany.

¹⁴³ Mijanòna amin’ny Teny. Tsy ahoako na fahatsapana firy no tsapanareo, impiry no ahafahanareo mitsambikina sy mihiakiaka, impiry no ahafahanareo manao an’ity, ny *hafa*. Raha tsy ny Fanahin’Andriamanitra no mitarika anareo ho amin’ny fiainana iray madio, tanteraka eo anatrehan’Andriamanitra, dia melohy ilay zavatra. Raha tian’Andriamanitra ianareo hanome menaka, dia ho nanao anareo ho hazo oliva iray Izy na dobon-tsolik’i Texas iray. Mamelà ahy hiteny zavatra aminareo, Andriamanitra dia manana tanjona ho an’ny zavatra rehetra. Mijanòna amin’ny Teny. Izay lazain’ny Baiboly, dia mijanòna amin’Izany. Izany no Orima sy Tomiman’Andriamanitra.

¹⁴⁴ Ary Mikaia antitra, ilay mpaminany, dia nijanona teo amin’ny Tenin’Andriamanitra; nandeha teo, sahy tahaka ny liona iray mihitsy. Nanome azy fahitana iray ny Tompo tamin’io alina io. Fantany izay nitsanganany. Ary diniho. Oh, rahalahy! Ireo hafa dia nanana fahitana iray, ihany koa, saingy tsy nifanaraka tamin’ny Tenin’Andriamanitra ny fahitan’izy ireo. Fa i Mikaia dia niaraka tamin’ny Tenin’Andriamanitra. Satria, Elia, izay nanana ny Tenin’Andriamanitra, ilay mpaminany, ilay mpahita, dia efa nilaza an’izay hitranga amin’i Ahaba. Noho izany dia ahoana no ahafahan’i Mikaia hilaza zavatra tsara izay hitranga, nefa ny Tenin’Andriamanitra dia nilaza fa ratsy no hitranga? Noho izany, dia niaraka tamin’ny Teny izy.

¹⁴⁵ Rahalahy, tsy mampaninona na avo toy ny ahoana aza ilay tilikambo, na tsara akanjo toy ny ahoana aza ny olona, fianarana iray toy ny inona no ananan’ny pasitera, na zavatra iray mikasika an’izany, na izay lazain’ny Eveka Scheen, na olon-kafa, raha mifanohitra amin’ity Teny ity izany, dia mijanòna lavitra an’izany. Mijanòna ao amin’ny Teny. Eo no itoeran’ny mpanompon’Andriamanitra mahatoky, eo amin’ity Teny ity mihitsy. Marina izany.

¹⁴⁶ Nanatona teo i Mikaia, ary hitany ny fahitany. Ary rehefa naminany izy, ka nahita an’ily fahitana, dia hitany fa nifanaraka marina tokoa tamin’ny Teny izany, nitovy tamin’Izany mihitsy. Fantany fa izy no nanana ny HOY NY TOMPO HOE. Nanatona teo.

¹⁴⁷ Dia hoy izy hoe, “Mikaia, ilay zanak’i Jimla, tokony handeha any Ramota-gileada ve aho, sa tokony hihemotra?”

Hoy i Mikaia hoe, “Miakara.”

¹⁴⁸ Hoy izy, “Ankehitriny toa tsy maneno tsara izany.” Na izy aza dia nahafantatra tsaratsara kokoa, ny tenany.

¹⁴⁹ Ary maro amin’ireo olona ireo no mikambana amin’ireny zavatra klasika goavana ireny, mba halaza fotsiny.

Mahafantatra hafa izy ireo. Ny Fanahin'Aina izay miasa eto amin'izao tontolo izao, no hiteny amin'izy ireo fa hafa izany, raha nanana pentin'Aina iray mikasika azy ireo mihitsy izy ireo. Manenjika an'ireo foromporonina ireo izy ireo, ireo sahona mitsambikina, sy ireo bibikely manidina, ary mangovitra, sy mitsambikina, sy mihazakazaka, ary ny zavatra rehetra, nefa fantatr'izy ireo fa mifanohitra izany. Fa mandeha miaraka amin'izany izy ireo nohon'ny fahatsapana iray. Iza no miraharaha fahatsapana?

¹⁵⁰ Mila ny HOY NY TOMPO HOE aho, marina izany, izay lazain'ny Teny. Ankehitriny, mino ny fivavahana avy amin'ny fo aho. Mino ny fifaliana aho, izay azoko fantarina. Mino ny Herin'ny Fanahy Masina aho. Mino ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra aho. Mino ny fanehoana rehetra an'ireo fanomezam-pahasoavana aho, saingy tsy maintsy apetraka ampanajana ao amin'ilay Vatana izy ireo, miasa marina tokoa ao amin'ny firindrana miaraka amin'ny Teny.

¹⁵¹ Rehefa mandeha ao amin'ny toerana iray aho ka manomboka mitory teny, manao antso iray eny amin'ny alitara, dia mitsangana ny vehivavy iray ary miteny amin'ny fiteny tsy fantatra. Eny, fahafaham-baraka iray toy ny inona! Toy ny—mampalahelo toy ny inona izany! Izany no maneho fa tsy eo amin'ny Tenin'Andriamanitra ny pasiteran'izy ireo, raha tsy izany dia ho najanony io zavatra io, ka nanao hoe, “Aza manao an'izany.” Hitanareo? Tsy misy na inona na inona manohitra an'ilay fanomezam-pahasoavana; diso fampiasa ilay izy. Hitanareo?

¹⁵² Ary zavatra maro, afaka maka ora maro amin'izany aho. Fantatrareo izay resahako. Izany dia, ny rehetra, ny Katolisisma sy ny Protestantisma. Fa, mijanona ao amin'ny Teny.

¹⁵³ Mariho, ankehitriny. Ary rehefa hitany ilay fahitana, dia nandeha izy ka niteny taminy. Hoy izy hoe, “Miakara.”

Hoy izy hoe, “Impiry moa no hampianianako anao mba hiteny amiko ny fahamarinana!”

¹⁵⁴ Hoy izy hoe, “Saingy nahita ny Isiraely nihahaka aho, tahaka ny ondry tsy nisy mpiandry.”

¹⁵⁵ Dia hoy izy hoe, “Efa niteny taminao aho. Efa niteny taminao aho. Fantatro izay ho lazainy, talohan'ny nitondranao azy teto.” Marina izany. Tsy afaka nilaza na inona na inona hafa izy. Nanana ny Tenin'Andriamanitra izy, tsy afaka nanao afa-tsy ny nanameloka an'ilay zavatra Izy.

¹⁵⁶ Ary milaza aho, izao hariva izao, ao amin'ny hazavan'ny Baiboly, fa manameloka an'io fahadalana io aho, fahatsapana, fanatisma, sy ireo zavatra izay manao hoe, “Ny Tenin'Andriamanitra, tsy misy na inona na inona amin'izany; ary marina ny an'ny fiangonana,” sy ny karazan-javatra hafa rehetra. Manameloka an'izany aho, amin'ny Anaran'i Jesosy

Kristy, eo amin'ny fahefan'ny Tenin'Andriamanitra. Aoka ny lanitra sy ny tany ho levona, fa ny Tenin'Andriamanitra hitoetra mandrakizay ho ny Fahamarinana. Marina izany.

Ankehitriny, hoy izy, “Miakara raha tianao.”

¹⁵⁷ Ary inona no nitranga? Nanana ny fahatsapana goavana rehetra ity zalahy ity, nanana fotoana goavana iray, nandehandeha teo izy, satria izy no—izy no lohan'ny fiangonana. Nandehandeha teo izy ary namely azy teo amin'ny takolany, tamin'ny tãany, namelaka azy. Oh, toa reko izy manao hoe, “Tanao dia kely iray, sandoka, holy-roller. Taiza no nandehanan'ny Fanahin'Andriamanitra, niala tamiko, rehefa nandeha nankany aminao Izy?”

¹⁵⁸ Hoy izy hoe, “Fantatrao ve izay hitako?” Hoy izy hoe, “Raha mbola nanana ny fotoanao goavana ianao teto, sy ny korananao goavana, mba ilazana azy, teto, dia nisy zavatra niseho tany Andanitra, tamin'io fotoana io ihany.”

¹⁵⁹ Ary teneniko aminareo, raha mbola ao anatin'ny fehin'ny kisoa ireo zanaka adala, ary Amerika dia mandihy eo amban'ny gadon'i boogie-woogie sy rock-and-roll, miaraka amin'ireo Elvis Presley-ny sy ireo *Who Loves Susie*-ny, dia misy fivoriana iray any An-danitra izay mandeha ankehitriny.

¹⁶⁰ Hoy izy hoe, “Nanokatra an'ireo varavarankely Andriamanitra ka namela ahy hijery ny tao anatiny. Raha mbola nanana ny fotoan'ny rock-and-roll-nao ianao, dia namela ahy hijery ny tao An-danitra Andriamanitra, ary Tao no nahitako zavatra iray.”

Hoy izy, “Inona no hitanao?”

¹⁶¹ Hoy izy hoe, “Nahita ny tafik'Andriamanitra lehibe aho, Andriamanitra, nipetraka teo amin'ny ankavanana sy ankavia. Ary nisy Anjely teo amin'ny andaniny sy ny ankilany.” Ary hoy izy, “Rehefa nahita an'ireo Anjely aho, ny anankiray nipetraka teo amin'ny ilany iray ary ny anankiray teo amin'ilay hafa, ny tafiky ny Lanitra niangona.” Dia hoy izy, “Hoy Andriamanitra hoe, ‘Iza no Halefako hidina?’” Oh, oadray! Henoy. “Iza no Azoko alefa hidina, mba hahafahantsika mitondra an'i Ahaba hiakatra any hanatanteraka Ny Teniko, izay notenenin'ny Mpaminaniko?”

¹⁶² Mijanõna amin'ny Teny, rahalahy, tsy mampaninona na firy ny fetin'ny rock-and-roll ananan'izy ireo, ary impiry no itendren'izy ireo an'izany ao am-piangonana, ary impiry no anaovan'izy ireo an'izany ao am-piangonana, impiry no anaovan'izy ireo an'ity, *itsy*, na ny *hafa*. Mijanõna amin'ny Teny. Marina izany. Mihazona Ny Teniny Andriamanitra, isan'andro.

¹⁶³ Mariho. “Fa hoy Izy, ‘Iza no azontsika alefa hidina? Iza no azontsika alefa hidina any ka hitondra an'i Ahaba hiakatra eto, satria tsy maintsy ho tanteraka izany?’”

¹⁶⁴ Dia hoy izy hoe, “Nahita fanahy mandainga iray niakatra aho. Hoy izy, ‘Avelao aho handeha. Hidina aho ka hiditra ao anatin’ny tsirairay avy amin’ireo eveka ireo, sy ireo mpaminany ireo, sy ireo presbyteran’ny fanjakana rehetra, ary ny sisa rehetra amin’izy ireo. Ary hanindrimandry azy ireo haminany lainga iray aho, mba ahafahako hitondra azy ireo any.”

¹⁶⁵ Andraso iray minitra ankehitriny. Andraso kely. Vonona ve ianareo? Tsindrimandry, tsindrimandry izay tsy mifanaraka amin’ny Baiboly, dia tsindrimandry diso.

¹⁶⁶ “Rahalahy Branham, ahoana no ahafahanay hahazo antoka fa marina ny anay? Mahita an’*ity* mipoitra izahay. Mahita an’*ity* mipoitra izahay, sy ireo zavatra rehetra ireo, ary ireo foromporonina.” Mijanona amin’ny Teny!

¹⁶⁷ Azo antoka, samy voatsindrimandry izy roa. Eto dia nisy lehilahy kely iray, nitsangana irery. Voatsindrimandry izy. Eto dia nisy an’ireo eveka efajato, tsara, ary voatsindrimandry izy ireo. Ary ny tsirairay avy dia nanao hoe, “HOY NY TOMPO HOE.”

“Fa ahoana no ahafantaranay hoe iza no marina?” Mijanona amin’ny Teny.

¹⁶⁸ Nanana ny Teny i Mikaia, ary fantany fa ny ratsy dia tsy maintsy raisina ho ratsy. Fantany io fihatsarambelatsihy io, io fivavahana mody-finoana io, io karazan-javatra izay nanana kilasy betsaka ho an’izany io, sy Jezebel miloko tarehy iray, ary ireo zavatra hafa rehetra ireo, dia tsy maintsy hiatrika ny tanan’ily Andriamanitra velona. Satria, ny mpaminany, ny Tenin’Andriamanitra, no niteny an’izany.

Hoy ianareo hoe, “Ilay mpaminany ve no Tenin’Andriamanitra?” Eny, tompoko.

¹⁶⁹ Hahafantatra izy ireo. “Tamin’ny fotoana samihafa sy fanao samihafa no nitenenan’ny Tompo tamin’ireo razana tamin’ny alàlan’ireo mpaminany, amin’izao andro farany izao dia amin’ny alàlan’Ny Zanany, Kristy Jesosy.” Marina izany. Azo antoka, izany no Tenin’Andriamanitra.

¹⁷⁰ Teo izy ireo, voatsindrimandry, nihevitra fa marina ny azy ireo! Tsy milaza aho hoe tsy tso-po izy ireo. Tso-po izy ireo. Lehilahy malaza izy ireo. Tsy lehilahy tsy nianatra izy ireo. Tsy lehilahy iray mpiana-draharaha fotsiny izy ireo. Lehilahy malaza izy ireo, nampianarina tao amin’ny Teny, voatsindrimandry. Saingy tsy nifanaraka tamin’ny Tenin’ny Baiboly ny tsindrimandrin’izy ireo. Izany no antony nahafantaran’i Mikaia fa diso izy ireo.

¹⁷¹ Ary ny Baiboly no nilaza, fa, “Amin’ny andro farany, dia ho tia ny tenany manokana ny olona.”

¹⁷² “Nahoana, ny tianao ho tenenina amiko ve, dia hoe afaka niteny tamiko io roa-sy-efatra kely io? Eveka iray aho. Izaho

no lohan'izao-sy-izao. Izaho no lehilahy malaza ao amin'ny fiangonana Katolika. Izaho no ilay lehibe, ao amin'ny Metodista, ny Batista, na dia ao amin'ny Pentekotista aza. Izaho no presbyteran'ny fanjakana. Ny tianao ho tenenina amiko ve dia hoe, hamela an'io lehilahy io ianao. . . ” Marina izany. “Ny tianao ho tenenina amiko ve dia *ity, itsy?*”

¹⁷³ Hoy ny Baiboly hoe, “Ho tia ny tenany manokana izy ireo, mpirehareha, miavonavona, mpiteny ratsy, tsy mankatò, tsy misaotra, tsy masina, tsy manana fitiavana ara-boajanahary, tsy mahonom-po, ary tsy tia ny tsara; manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, tahaka ny nataon'izy ireo mihitsy, nefa mandà ny Heriny, ny Teny.” Raha tsy miteny araka an'Ity izy ireo, dia tsy misy Fiaianana ho azy ireo. Marina izany. “Manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, nefa mandà an'Izany; ireny koa dia alaviro. Fa isan'izany ireo izay mandeha mitety trano, miaraka amin'ireo boky keliny sy asam-pitoriana, sy ny sisa, ary mitarika an'ireo vehivavy adaladala vesaran'ny fahotana, entin'ny filàna maro, mianatra mandrakariva, nefa tsy afaka ny ho tonga eo amin'ny Fahamarinana mihitsy.”

¹⁷⁴ Karazana inona izy ireo? Jambra sy Jana; manana an'ireo karazana foromporonina rehetra sy ny zavatra rehetra. “Tahaka ny nanoheran'i Jana sy Jambra an'i Mosesy, dia toy izany koa no hanoheran'ireo olona ny Fahamarinana: olona maloto saina, mikasika ny Teny.” Miezaka maka ny Tenin'Andriamanitra ka mamadika an'Izany ho zavatra hafa, ho foromporonina iray, na rafi-pandaminana ara-pivavahana iray, na manorina anarana malaza iray ho azy ireo, na manao anarana malaza iray ho an'ny tenany. “Alaviro ny tahaka an'izany.” Mijanòna amin'ny Teny!

¹⁷⁵ Inona no nitranga? Hoy izy hoe, “Nahita an'io fanahy mandainga io aho nanao hoe, ‘Hidina aho, hanindrimandry azy ireo. Hanao azy ireo haminany lainga aho.’” Ary ireo lehilahy ireo, tena nanaiky ny hahafaly ny be sy ny maro!

¹⁷⁶ O Andriamanitra, ampio izahay. Tena manaiky ny handray an'ity hoe, “Ho mpampianatra iray miaraka amin'ny sofina mangidihidy, hivily hiala amin'ny Fahamarinana ho amin'ny anganongano,” araka ny nampitandreman'ny Fanahy Masina sy nitenenany tamintsika, amin'ny andro farany, hoe ho toy ny ahoana izy ireo. Noho izany dia manaiky ny ho lasa malaza, ny tenan'izy ireo, mba hahazo radio iray lehibe kokoa, televiziona iray lehibe kokoa, na anarana iray lehibe kokoa, na fananana iray lehibe kokoa ao amin'ny fiangonana, zavatra lehibe kokoa, miaraka amin'ny fanandrata-tena manokana. Tena manaiky ny hanao an'izany, hany ka diso amin'ny fandinihana an'izany ao amin'ny Teny izy ireo.

¹⁷⁷ Fa, nandinika ny Teny i Mikaia. Nanana ny Fahamarinana izy. Nanana ny Teny izy. Mariho, noho izany, dia noteneniny izay

hitranga.

¹⁷⁸ Dia nanatona io lehilahy io ka namely azy teo amin'ny tavanany, nanao hoe, "Làlana aiza no nalehan'ny Fanahin'Andriamanitra?"

¹⁷⁹ Hoy izy, "Ho hitanao izany rehefa mipetraka ao amin'ilay efitra kely anatin'ny, miafina ianao."

¹⁸⁰ Dia hoy i Ahaba hoe, "Ataovy ao an-tranomaizina io lehilahy io. Atsaharo ireo fivoriana rehetra ireo, na ahoana na ahoana. Tsy mila an'ireo hetsika holy-roller ireo intsony isika eto." Aza manahy, ho avy izany. "Ataovy any am-ponja izy ary omeo mofom-pahoriana sy ranom-pahoriana. Ary rehefa miverina soa aman-tsara aho, dia hifampiraharaha aminy," amin'ny teny hafa dia, "hanapaka ny lohany."

¹⁸¹ Mikaia antitra, nijoro teo amin'ny Tenin'Andriamanitra, nahafantatra ny fahitany. O Andriamanitra! Nahafantatra fa araka ny Tenin'Andriamanitra marina tokoa ny fahitany, tsy mety diso izany. Hoy izy hoe, "Raha miverina tokoa ianao, ampiadanana, dia tsy niteny tamiko Andriamanitra." Amena, ary amena!

¹⁸² Oh, ry olona! Tara ny ora. Fa tiako ny hilaza an'izao aminareo, ry sakaiza malalako. Aza (mihitsy) mihaino fandaharana iray izay miteny aminareo fa *Ity* dia tsy ny Tenin'Andriamanitra sy ny Fahamarinana. Aza mihaino foromporonina iray mihitsy izay tsy natolotra sy nolazain'i Jesosy Kristy Tompo mialoha. Satria, Izy, rehefa Izy Tenany no tonga ka nanasitrana ny marary, dia nanao an'izany fotsiny Izy mba ahafahan'ny Teny ho tanteraka. Mba hanatanteraka ny Teny fotsiny ihany!

¹⁸³ Efa nilaza mialoha azy roa Izy, ho an'ireo karazana fiangonana rehetra. Ao amin'ny Apokalypsy, ny faha-17, nanao hoe, "Nahita vehivavy iray aho, janga iray, nipetraka teo ambonin'ny bibidia iray miloko jaky, teo ambonin'ny loha fito." Eo ambonin'ny havoana fito no misy an'i Vatican. Vao avy niala tany aho, volana vitsy lasa izay. Ary hoy izy, "Izy no renin'ny mpijangajanga," ireo zanakavavy izay teraka avy taminy. Ny vehivavy ratsy rehetra dia afaka miteraka zanakavavy tsara iray. Fa diniho. Inona ny mpijangajanga iray? Mpivarotena iray. Inona ireo vehivavy ratsy laza ireo? Ireo lehilahy . . . Ireo vehivavy izay mijangajanga ary miaina miaraka amin'ny lehilahy hafa izay tsy vadiny.

¹⁸⁴ Ary ireto olona ireto, ireto fiangonana ireto, dia mihambo ho mpanompon'Andriamanitra sy fiangonan'Andriamanitra, nefa mandefitra sy manao an'ireo zavatr'izao tontolo izao. Manao fijangajangana ara-panahy izy ireo. Mamela ny fiangonany handoko tarehy izy ireo, izy ireo . . . ireo vehivavy manao sorta. Ary mamela azy ireo hivoaka izy ireo ary miakanjo tahaka an'izao tontolo izao, nefa tsy manameloka an'izany mihitsy.

Mamela an'ireo lehilahy hifoka sigara sosialy iray izy ireo, na handray fisotroana alikaola iray. Mamela azy ireo hanao an'ireo fetin-karatra keliny izy ireo, ary milalao billard ao ambany rihana, ary manana an'ireo balin'ny tanora sy dihy ao amin'ny fiangonana, sy ireo lasopy sakafo hariva ary ny zavatra hafa rehetra, ary mampianatra teolojia kely tsy misy dikany raha tokony ho ny Tenin'ilay Andriamanitra velona. Fantatrareo fa izany no fahamarinana. Ilay izy dia tsy misy dikany, tanora, sarimbavy, tsy fantatro hoe inona, avy amin'ny devoly! Ary amin'ny Anaran'i Kristy, dia manameloka an'izany aho, ao amin'ny hazavan'ny Tenin'Andriamanitra, ka manao hoe, "Tsy maintsy havaozina indray isika, voatsindrimandrin'ny Fanahy Masina, nateraka indray, mandeha ao amin'ny fanetretena, ary ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, raha mba hanao ny Fampakarana amin'ny andro ho avy." Mialà amin'ireo zavatra... an'Andriamanitra, ianareo olona, mandohaleha. Ianareo fiangonan'Andriamanitra, izay milaza fa nanoroka ny—ny sisin'ireo fitahian'Andriamanitra ianareo, mijanona amin'ny Tenin'Andriamanitra. Ary ny zavatra rehetra izay mifanohitra amin'Izany, dia mialà lavitra an'izany avy hatrany, ary manohy mandroso. Eto ireo Hazavan'ny hariva. Ho avy tsy ho ela ny Tompo Jesosy.

Ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety fotsiny.

¹⁸⁵ Oh, ho an'io Andro lehibe io, io Andron'ny andro io, ary io Bokin'ny boky io. "Ary nosokafana ireo Boky, ka notsaraina arak'ireo Teny izay voasoratra tao anatin'ilay Boky ny olona rehetra."

¹⁸⁶ Ry sakaizako mahantra, diso fihevitra, tsy ny rehetra... Eny, ry sakaizako, ary ianareo izay efa nanandrana foana, sy niady tamin'ny rivotra. Tahaka ny vorona iray fotsiny, nahamarika aho, niezaka nanakapoka ny lohany teo amin'ny varavarankely iray, mba hamono an'ilay jiro. Inona no nataony? Izy—nanakapoka ny ati-dohany manokana fotsiny izy. Nitohy namiratra ilay jiro.

¹⁸⁷ Indray andro, tao anatin'ilay Statue of Liberty, tao anatin'ilay sandry lehibe, no nandry maty nanerana ny rehetra ireo vorona kely. Hoy aho hoe, "Inona no nitranga?"

¹⁸⁸ Hoy ilay lehilahy hoe, "Nisy—nisy tafio-drivotra omaly alina. Ary tao anatin'ny tafio-drivotra, dia nanidina tao anatin'ny jiro ireto vorona kely ireto. Raha tokony hampiasa an'ilay jiro ho lasa fiarovana, dia niezaka izy ireo ny hamono an'ilay jiro, niaraka tamin'ireo elany kely. Ary nanakapoka ny ati-dohany izy ireo."

¹⁸⁹ Aza manandrana hanakapoka ny ati-dohanareo, hanao ny Tenin'Andriamanitra hilaza zavatra izay tsy Lazainy. Aza miezaka hifanaraka amin'ireo fikambanan'ity andro ity, satria, "Raha tia an'izao tontolo izao ianareo, na ireo zavatr'izao tontolo izao, dia tsy ao anatinareo ny fitiavana an'Andriamanitra."

¹⁹⁰ Nahoana no tsy maka ny Jiron'ny Filazantsara fotsiny ka manidina ho voaaro izao hariva izao? "Oh, arovy izahay, Andriamanitra."

¹⁹¹ Ray any An-danitra, satria lehilahy sy vehivavy izay mipetraka eto, zazalahy sy zazavavy, vahoaka iray an-dàlana ho any amin'ny Mandrakizay, ireo—ireo solika sy hazavana kosmika an'ity izao tontolo izao ity, miaraka amin'ireo singa enina ambin'ny folo samihafa izay nanaovana anay. Ao amin'ny vatan'izy ireo dia misy fanahy iray izay sarobidy; ilay fiandohana, ilay fanombohana.

¹⁹² Ary mivavaka Aminao aho, Tompo, mba hifanaraka amin'io fo io izao ankehitriny izao, io fanahy io, io toerana malefaka izay velona mandrakizay io, izay manome anay ny fihetsikay. Ary mivavaka aho mba Hamonjenao ny mpanota very tsirairay, izao hariva izao. Enga anie izy ireo hahalala, fa ireto baorina kilometrika izay andalovanay ireto, ireto famantarana mipiapiaka eo amin'ny lafiny roa an'ilay làlana ireto, dia fanehoana fotsiny ihany ny fisehoana tsy ho ela an'ilay Anankiray marina, ny Tompo Jesosy; Izay, ny ho sakaiza iray, dia midika Fiainana; ny mahafantatra, dia Fiainana Mandrakizay. Ary afaka mahafantatra Azy araka ny Baiboly fotsiny ihany izahay, tsy amin'ny alàlan'ny fiangonanay; fa, amin'ny alàlan'ny Fahaterahana, ny Fahateraham-baovao, nateraka indray.

¹⁹³ Ary, Ray, mino aho, amin'ny foko rehetra, fa tsy misy olona mety maty iray eto, miaraka amin'ny tenako, izay te-hohelohina na handeha any amin'ny helo. Ary nahoana izahay no hamela zavatra hitsangana eo amin'ny làlanay? Nahoana izahay no hanaiky sandoka iray, nefa feno an'ilay tena izy ny lanitra?

¹⁹⁴ Ary raha mbola ao amin'ny fetin-divainy Babyloniana lehibe ny tany, misotro divay, mifety, ireo vehivavy mitafy tapaka, vaditsindrano tahaka ny nananan'i Nebokadnezara, dia misy sora-tànana iray mihetsika eo amin'ny rindrina. Ireo mpahita dia mahita an'izany tonga, izay miakatra eo ambonin'ilay olona tsotra. Hitanay izany satria voasoratra ao amin'ny Teny. "Tsy rano intsony, fa afo amin'ity fotoana ity." Ary hitanay ilay sora-tànana eo amin'ny rindrina. Hitanay fa voaheloka ny firenena tsirairay.

¹⁹⁵ Ary haka Ny Fiangonany Andriamanitra, ilay nateraka indray. Tonga ny ora izay ireo tany aoriana tao amin'ny taona Loterana, ny taona Metodista, nanerana an'ireo taona rehetra, izay nodimandry niaraka tamin'ny fo marina, tao amin'Andriamanitra, rehefa ravina kely fotsiny ilay katsaka, ary rehefa salohy iray izy, fa eo, miaraka, no hangonina miaraka io fiainana io, ka ho tonga ny fitsanganana. Ireo rehetra ireo no hanamboatra an'ilay Vatan'ny Tompo Jesosy lehibe tsara tarehy, antomotra tsy ho ela izany.

¹⁹⁶ Hoy Ianao hoe, “Ireo izay mandà an’Izany dia hatsipy any amin’ny aizina any ivelany, an’ny fitomaniana sy fidradradradrana, ary fikitroha-nify.” Andriamanitra Ray, tsy misy olona iray te-ho any.

¹⁹⁷ Oh, mamindrà fo aminay, Andriamanitra. Ary miaraka amin’ny fonay mibebaka, miaraka amin’ny lohanay mitodika mankany amin’ny vovoka, izay Nangalanao anay, ary raha mbola maharitra Ianao, dia hiverenanay. Andriamanitra, mamindrà fo aminay, raha miangavy ho an’ity mpanatrika miandry ity aho. Aorian’ity Hafatra ity izao hariva izao, dia mivavaka aho mba Hamohazanao ny olona ho amin’ny fahafantarana ny toeran’izy ireo ao amin’Ny Fanatrehanao.

¹⁹⁸ Ary raha mbola manondrika ny lohantsika isika, dia misy olona iray ve ato...Firy, raha ny marina, (tsy maintsy misy betsaka aminareo,) no mahalala fa ny fiainanareo dia tsy nifanaraka tamin’ny Tenin’Andriamanitra? Nitaredretra teny ianareo. Nino tapany ianareo. Ary naka tontolo kely iray ianareo, ary kely tamin’ity sy kely tamin’ity. Ary leo an’izany ianareo, izao hariva izao. Oh, nikambana tamin’ny fiangonana ianareo, marina izany; angamba tsy nikambana ianareo. Tsy fantatro. Fa, eo anatrehan’Andriamanitra, Izay mety itsanganantsika eo amin’Ny Fanatrehany alohan’ny maraina, mety hisy bala afomanga atomika iray handrava an’ity zavatra manontolo ity, amin’ny fandranganana, alohan’ny hiposahan’ny andro amin’ny maraina. Tsarovy, misandratr’andro izao any Rosia ankehitriny.

¹⁹⁹ Hoy izy hoe, “Hisy roa eo am-pandriana,” tsy maintsy ho alina any ho any rehefa tonga Izy, “ny anankiray ho raisina, ilay hafa havela.”

²⁰⁰ Afa-po ve ianareo, ao am-ponareo, ao amin’ny hazavan’ny Tenin’Andriamanitra, fa efa nateraky ny Fanahin’Andriamanitra indray ianareo, ka manaraka ny fiainanareo ireo vokatry ny Fanahy, miaraka amin’ny fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahatsaram-panahy, finoana, fahalemam-panahy, faharetana? Manaraka anareo ve izany?

²⁰¹ Raha tsy izany, ianareo ve ho tena—tena mato-tsaina, raha afaka hametraka azy tahaka an’izany aho, mba hanangana ny tanaanareo amin’Andriamanitra, ka fantatrareo fa diso ianareo, manao hoe, “Andriamanitra, mamindrà fo amiko, ary ampio aho mba ho ilay karazana Kristiana iray izay Irianao hah-izy ahy, amin’ny fanomezana ahy ny Fanahy Masina ka hamela ahy hiaina fiainana masina iray”? Hanangana ny tanaanareo amin’Andriamanitra fotsiny ve ianareo? Andriamanitra hitahy ny tsirairay avy. Tànana maro, maro no mitsangana.

²⁰² Ankehitriny, misy hafa ve izay te-hanangana ny tanaanareo, izay tsy nanangana tamin’io fotoana io? Hanangana ny tanaanareo ve ianareo? Ry vehivavy...Andriamanitra hitahy anao. Ry lehilahy, vehivavy, ianareo ve maha-...Andriamanitra

hitahy anao, ramatoa. Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Andriamanitra hitahy anao, tompoko. Andriamanitra hitahy anao, ranabavy. Andriamanitra hitahy anao, ry zazalahy kely.

²⁰³ Fantatrareo ve izany, ny fahamatoran'izao? Tsy tonga any am-piangonana ianareo mba hihaino Hafatra iray fotsiny... na mba hahita iraka iray, no tiako lazaina. Tonga ianareo mba hihaino ny Hafatra. Ary ny Hafatra, dia, ny Fanahy Masina izay mandray ny Tenin'Andriamanitra ka manome an'Izany ho anareo.

²⁰⁴ Ankehitriny, ahoana ny amin'izany? Angamba ho tara loatra amin'ny maraina. Sitrakareo ve, ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, ny hanangana ny tãnanareo, ianareo izay tsy mbola nanangana, ka hanao hoe, "Andriamanitra, mamindrà fo amiko. Mila Ny Fanahinao ato anatiko aho"? Satria... Andriamanitra hitahy anao, tompoko. Andriamanitra hitahy anao. Andriamanitra hitahy anao iry aoriana iry. Andriamanitra hitahy anao, sy ianao, sy ianao, ary ianao. Eny. Andriamanitra hitahy anao, tompoko. Andriamanitra hitahy anao, tompoko.

²⁰⁵ Ho sitrakareo ve ny hanao hoe, "Andriamanitra, handeha hankany an-tranon'ilay Mpanefy aho. Leo aho. Nila fiainana iray voatokana foana aho. Ary, izao hariva izao, dia handeha ho any an-tranon'ilay Mpanefy aho, hametraka ny foko, ka hanao hoe, 'Andriamanitra, poteho izany rehetra izany, ka omeo fo vaovao iray aho, fanahy vaovao iray, ary apetraho eo afovoan'izany mihitsy Ny Fanahinao.' Ary aoka ny fiainako handeha tsara araka Ny Teninao. Ataovy Mikaia iray aho amin'ity andro ity, mba ahafahako hitsangana eo amin'ny HOY NY TOMPO HOE. Ary ny fahitako sy ny fiainako, mba—mba iainako eo Anatrehanao; tsy izaho, fa ny Fanahy ato anatiko, no miaina ny fiainana izay takian'ny Baiboly. Tahaka an'izany no tiako haha-izy ahy. O Andriamanitra, amin'ny alàlan'ny Famindramponao, ataovy tahaka an'izany aho"?

²⁰⁶ Olona iray ankehitriny, izay tsy nanangana ny tãnanareo, hanao an'izany ve ianareo ankehitriny? Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Andriamanitra hitahy anao. Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Andriamanitra hitahy anao. Mipetraka tena moramora fotsiny, raha mbola mivavaka ianareo ankehitriny. Ny loha rehetra miondrika, ny maso rehetra mikimpy, ny tsirairay avy mivavaka. Moramora fotsiny, ampahamoram-panahy, ekeo izany ankehitriny.

... fanovàna haingana,
Tsy misy eto an-tany afaka maharitra tsy
mihetsika,
Aoreno eo amin'ireo zavatra Mandrakizay ny
fanantenanareo,

Mihazòna eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova!

Mihazòna eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova!

Mihazòna eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova!

Aoreno eo amin'ireo zavatra Mandrakizay ny fanantenanareo,

Mihazòna eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova!

Mihidy miaraka amin'Andriamanitra ankehitriny.

Rehefa mifarana ny diantsika, (Oh!)

Raha efa nahatoky tamin'Andriamanitra ianareo, Tsara tarehy sy mamin'ny tranonareo any amin'ny Voninahitra,

Hahita ny fanahinareo nampakarina! (Ankehitriny dia inona no tsy maintsy ataonareo?)

Mihazòna eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova! (Ny Teniny izany.)

Mihazòna eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova!

Aoreno eo amin'ireo zavatra Mandrakizay ny fanantenanareo,

Mihazòna eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova!

²⁰⁷ Eo akaikinareo eo mihitsy Izy.

²⁰⁸ Mijery manerana ny mpanatrika ankehitriny, eo amin'ny lehilahy kely malala iray; nanao veloma ny malalan'ny fony, indray andro, vetivety fotsiny. Ary anankiray hafa mipetraka eto, any ho any, nanao veloma ny malalan'ny fony, vetivety fotsiny. Rehefa lasa izy ireo, dia nihazona ny tànan'Andriamanitra tsy miova. Eto ireo vady malalany, izao hariva izao, mihazona eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova, mahafantatra fa hihaona indray ireo malalan'ny fo. Oh, ho inona izany raha tsy nanana an'izany izy ireo? Oh, aoreno eo amin'ireo zavatra Mandrakizay ny fanantenanareo!

Mihazòna eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova!

²⁰⁹ Ry Rainay any An-danitra, raha mitendry moramora ny mozika, ary hafatra iray izany. Mpitory teny iray, ny Fanahy Masina, mitory teny aminay ankehitriny amin'ny alàlan'ny mozika, miteny aminay an'izay hatao amin'ity Hafatra ity, izao hariva izao hoe, "Mihazòna fotsiny amin'ny Tenin'Andriamanitra tsy miova. Ny lanitra sy ny tany ho levona, ary hiova, fa Ny Teniko tsy ho levona mihitsy." Tsy afaka miova Izany. Izany no Tenin'ilay Andriamanitra tsy miovaova.

210 “Tato am-poko no nanafenako Ny Teninao,” hoy ilay mpanao salamo, “mba tsy hanotako Aminao.”

211 Nisy tânana roapolo na telopolo nitsangana, izao hariva izao, Ray. Efa nandre ny Teny ireo lehilahy sy vehivavy, nefa, “Ny finoana dia avy amin’ny fandrenesana.” Nandray an’ity fanapahan-kevitra anankiray, ampy tanteraka ity izy ireo, mba amin’ny alàlan’ny Fanampianao sy ny Fahasoavanao, manomboka amin’ity ora ity, no hanompoan’izy ireo Anao.

212 Ankehitriny tsy hidina moramora ve Ianao, Ray, ho ao ampon’izy ireo? Apetraho ao amin’ny fanahin’izy ireo vaovao Ny Fanahinao. Tsy maintsy nanome azy ireo fanahy vaovao iray Ianao, raha tsy izany dia tsy ho nihazona ny tânany mihitsy izy ireo. Tsy ho naniry an’izany izy ireo. Fa, nandeha nankany an-tranon’ily Mpanefy izy ireo, ary namela Anao hanova ny fientanam-pony sy ny heviny izy ireo. Ary ankehitriny, tao ampon’izy ireo, dia nalefaka izy ireo.

213 Ary hoy Ianao hoe, “Tsy misy olona mahay manatona ahy raha tsy Ny Raiko no mitarika azy.” Tsy afaka nanangana ny tânany izy ireo, nanomboka tamin’ny zandriny indrindra ka hatramin’ny zokiny indrindra, raha tsy Ianao no niteny tamin’izy ireo hanao an’izany. Nanao an’izany izy ireo satria Ianao no niresaka tamin’izy ireo. Ary Andriamanitra, no manolotra azy ireo ho an’i Kristy, ho fanomezam-pitiavana iray. Nanolotra ny fony izy ireo.

214 Ary afaka mandre ny Feonao lehibe izahay manao hoe, “Izay mandre Ny Teniko.” Tsy Ny Fiangonanao; Ny Fiangonanao dia manana Ny Teninao, ary tsy mifanohitra amin’Ny Teninao Izy. “Fa Izay mandre Ny Teniko, ka mino Izay naniraka Ahy, no manana Fiainana mandrakizay, ary tsy ho tonga amin’ny fitsarana, fa efa tafafindra avy tamin’ny fahafatesana ho amin’ny Fiainana.”

215 Tahio izy ireo, Ray, miaraka amin’ny fiainana lava, miaraka amin’ny Fiainana Mandrakizay. Ary atsangano izy ireo amin’ny Andro farany, araka ny Nampanantenainao. Ary enga anie ity ho fotoan’ny fanoloran-tena lehibe iray, rehefa hifaly sy havaozina ireo olo-masin’ily Andriamanitra velona.

216 Enga anie ny marary, ny tsirairay avy, raha misy manatrika, enga anie izy ireo ho sitrana. Enga anie ho voaseho Ny Fanahinao, amin’ny alàlan’i Kristy Tomponay.

217 Ankehitriny miaraka amin’ny lohantsika mitraka, vetivety fotsiny. Manontany aho, ianareo izay nanangana ny tânanareo, mino aho fa nanaiky an’izay nolazainareo ianareo. Fa, ary mino aho fa tso-po ianareo. Ary mitondra anareo eo amin’ny Tenin’Andriamanitra aho, izay ny Fahamarinana.

218 Ankehitriny fanontaniana anankiray ihany no misy, aiza, matotra tamin’izany ve ianareo? Raha matotra ianareo, dia Andriamanitra no nandondona teo amin’ny

fonareo. [Nandondòna teo amin'ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Marina izany. Ankehitriny, raha matotra amin'izany marina tokoa ianareo, amin'izay fotoana izay dia efa lasa ireo zavatra taloha. Andriamanitra no niteny an'izany. Tsy mety miova izany.

²¹⁹ Hoy Jesosy hoe, “Izay mandre Ny Teniko ka mino Izay naniraka Ahy, no manana Fiainana mandrakizay.”

²²⁰ Heveriko, fa raha tena niseho marina tokoa tao am-ponareo izany, dia hahatsapa hankasitraka betsaka an'Andriamanitra ianareo, ka ho tianareo ny hanatona ny Alitarany eto, ary handohalika ka hanome Azy ny saotra noho izay Nataony ho anareo.

²²¹ Ary raha mbola manohy miaraka amin'ilay hira iray ihany ilay anabavy. Tiako ny tsirairay avy izay nanangana ny tànanany, miaraka amin'ireo izay tsy nanangana, ka maniry fa tokony nanangana izy ireo, hanatona. Ary ndao isika handohalika ka hanome teny fisaorana iray ho an'ilay Tsitoha, ny amin'izay Nataony ho antsika. Izany no manapororofo fa tso-po ianareo.

Aoreno eo amin'ireo zavatra Mandrakizay ny fanantenanareo,
Mihazòna eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova!

Rehefa mifarana ny diantsika,
Raha efa nahatoky tamin'Andriamanitra ianareo,
Tsara tarehy sy mamiratra ny tranonareo any amin'ny Voninahitra,
Hahita ny fanahinareo nampakarina!

Mihazòna eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova!

Mihazòna eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova!

Aoreno eo amin'ireo zavatra Mandrakizay ny fanantenanareo,
Mihazòna eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova!

Oh! *Handeha Hatramin'Ny Farany Aho.*

²²² Ankehitriny dia manontany aho, manana pasitera sy evanjelista maro isika eto, izao hariva izao, izay tia hahita fanahy ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra, manontany aho, rahalahy, raha ianareo, avia eto, pasitera, ary manontany aho raha haka ny toerany eto mihitsy ireo rahalahy hanolotra vavaka ho an'ireto olona malala ireto isika.

²²³ Mba fantatrareo moa? Araka ny Teny, dia omeko andrana fitsapana iray Izany. Nanangana ny tànanany izy ireo hoe hanaiky ny Tenin'Andriamanitra Mandrakizay, izao hariva izao, ary mino. Ary hoy aho hoe, “Ankehitriny dia nivavaka izahay.”

²²⁴ Jereo ankehitriny izay nolazain'i Jesosy. Ndao isika hitondra an'izany eo amin'ny Teny ankehitriny. Manana foromporonina betsaka isika, saingy ndao entintsika eo amin'ny Teny izany. Hoy Jesosy hoe, "Izay mandre Ny Teniko, ka mino Izay naniraka Ahy, no manana Fiainana mandrakizay, ary tsy ho tonga amin'ny fitsarana, fa efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana." Andriamanitra no niteny an'izany. Milamina hatreo mandrakizay izany. "Tsy misy olona," hoy Jesosy, "afaka manatona Ahy, raha tsy Ny Raiko no mitarika azy. Ary izay rehetra nomen'ny Ray Ahy, no hanatona Ahy." Tsy misy anankiray very. "Izay mihinana ny Nofoko sy misotro Ny Ràko no manana Fiainana mandrakizay, ary Izaho hanangana azy amin'ny andro farany."

²²⁵ Oh, mahafinaritra toy ny ahoana, ny mijery an'ity alitara ity, nefa ny fanahy anankiray, dia izao tontolo izao iray alina no teti-bidiny. Tsy tonga hikambana amin'ny fiangonana iray mihitsy izy ireo. Tonga izy ireo satria mambra iray an'ny Vatan'i Kristy. Tonga eto izy ireo hanolotra fisaorana sy hivavaka. Ary mivavaka aho mba hanosoran'ny Fanahy Masina sy hameno ny fo tsirairay, aloha-sy-aoriana an'ity alitara ity, izao hariva izao, miaraka amin'ny fanahy milamina, sy mora, manetry tena, izay hamokatra an'ireo voa sy fahamarinan'i Kristy, raha mbola misy fofon'aina foana ao amin'ny vatan'izy ireo, ka mandeha any an-Trano, mankany amin'ny Voninahitra.

²²⁶ Ho avy ve ireo evanjelista sy pasitera ka hitsangana manodidina miaraka aminay, raha manolotra vavaka isika, raha sitrakareo. Ny tsirairay avy, tsy mampaninona ny fifandraisanareo amin'ireo fiangonana, tsy misy idiran'izany amin'io. Tianay fotsiny ianareo ho avy, manodidina ny olona mihitsy.

Handeha hatramin'ny farany aho, eny, handeha aho... (Aoka ho izany no anton'ny fonareo.)

Haloako ny vidiny, izay ataon'ireo Kristiana hafa, Handray ny làlana aho (Tahaka an'i Mikaia.) miaraka amin'ireo vitsin'ny Tompo nohamavoina,

Nanomboka niaraka tamin'i Jesosy aho, ary handeha hatramin'ny farany.

Oh, handeha hatramin'ny farany aho, eny, handeha aho...

Haloako ny vidiny, izay ataon'ireo Kristiana hafa, Handray ny làlana miaraka amin'ireo vitsin'ny Tompo nohamavoina aho,

Nanomboka niaraka tamin'i Jesosy aho, ary handeha hatramin'ny farany.

²²⁷ Izaho dia...Misy anankiray hafa ve te-handray an'ilay làlana? "Raha menatra ahy eo anatrehan'Ny Raiko ianareo, na

eo anatrehan'ny olona, dia ho menatra anareo Aho amin'ilay maraina, eo anatrehan'ireo Anjely."

228 Menatra ve ianareo eo anatrehan'ity mpanatrika kely ity izao hariva izao, ny haka ny toeranareo? Menatra ve ianareo? "Izay hanaiky Ahy eo anatrehan'ny olona, dia hanaiky azy Aho eo anatrehan'Ny Raiko."

Handray ny lalana aho, Tompo, handeha hatramin'ny farany aho.

Nanomboka tamin'i Jesosy aho, ary handeha hatramin'ny farany.

229 Aoka ho ao amin'ny vavaka fotsiny, ny olona rehetra, raha manolotra fisaorana an'Andriamanitra izy ireo, ho an'ny famelàna ny fahotany.

230 O Andriamanitra, ilay Ray sy Mpanavotra ny taranak'olombelona, ireo no tonga izao hariva izao, miaiky fa tsy voapetraka ampy tsara tao amin'ny Vatan'i Kristy izy ireo. Ary tonga izy ireo, izao hariva izao, mba haka ny toerany amin'ny alàlan'ny fitarihan'ny tanan'Andriamanitra, sy ny Teny.

231 Ary mivavaka izahay, ankehitriny, mba Hametrahanao azy ireo ao amin'ny toerana ao amin'ny Fanjakana, eo amin'izay hanompoan'izy ireo. Ary enga anie izy ireo, amin'ny saina iray, izao hariva izao, hino Ny Teninao masina. Ary enga anie Ianao, amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina, hiresaka amin'izy ireo, ary enga anie izy ireo fotsiny, amin'ny alàlan'ny tsindrimandry, ho voatarika eo amin'ny toerana ao amin'ny Vatan'i Kristy, izay Niantsoanao azy ireo.

232 O Andriamanitra, toy ny ahoana no isaoranay Anao ny amin'izany! Be voninahitra eo Imasonao izao. Mampientanentana ny fonay ny mahita lehilahy sy vehivavy izay handohalika am-panetre-tena eo amin'ny alitara iray, ary hiaiky ny fahadisoany, ka hiangavy famindrampo. Ento hatramin'ny farany izy ireo, Tompo.

233 Ireo Mpanomponao voahosotra, ireo mpitoritenin'ny Teny, dia mitsangana eo anilan'ireto olona ireto, ary izaho mitsangana eto akaikin'ity birao masina ity.

234 Fotoana iray mahafinaritra izao. Nametraka ny tobiny ireo Anjelin'Andriamanitra, eo amin'ny ilan'ity toerana ity, izao hariva izao. Fa voasoratra ao amin'ny Teny hoe, "Ireo Anjelin'Andriamanitra dia mitoby manodidina an'ireo izay matahotra Azy."

235 Ary ao amin'ilay tontolo lehibe tsy hita maso, izay manodidina anay ankehitriny, manetsika ny fientanam-ponay ho amin'ny fibebahana, sy hitondra ny ratsy eo anoloan'ny masonay, hoe nanao ratsy izahay. Miarakana amin'ny fo mibebaka, dia mahafoy ny lalan-dratsinay izahay, Tompo, ka mangataka ny famindrampon'Andriamanitra. Ary enga anie ny Fanahy Masina,

Izay nampanantena anay famindrampo, hanome an'izany ho an'ny tsirairay avy aminay, raha miangavy am-panetre-tena izahay ka mangataka amin'Andriamanitra mba hanatanteraka Ny Teniny, ary handasitra ny fiainanay sy ny toetranay mba hifanaraka amin'Ny Teniny. Mangataka amin'ny Anaran'i Kristy izahay. 🙏

57-0120^E Mihazona Ny Teniny Andriamanitra
Branham Tabernacle
Jeffersonville, Indiana U.S.A.

MALAGASY

©2026 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

www.branham.org